

Andro Maneran-tany ho an'ny Fitantanam-piaianana Kristiana

**MPANOME AMIN'NY VANIN'ANDRO REHETRA
TORITENY 02 DESAMBRA 2017**

Fampidirana

Misy vanin'andro sasany eo amin'ny fiaianana izay hanirantsika hanome kokoa mihoatra noho ny amin'ny vanin'andro hafa. Amin'ny ankapobeny dia ambony kokoa ny fironana hanome, rehefa mahatsiaro nahazo fitahiana isika na rehefa nandray betsaka. Rehefa manify anefa ny vola ary rehefa betsaka ireo fisedrana sy adidy, dia misalasala isika ny hanome ny an'ny Tompo sy amin'ny hafa. Ao amin'ny Ohabolana 21:26b I Solomona dia manambara fa ny manome amin'ny fotoana tsy tapaka, manome amin'ny vanin'andro rehetra, no idealy ho an'ny mpino: “*fa ny marina kosa manome ka tsy mba mahihitra.*” Misy andian'ny mpino, ireo Makedoniana, izay nanapa-kevitra ny hanaraka an’io hoe manome amin'ny vanin'andro rehetra io. Ahoana no nahatanterahany izany? Ohatry ny ahoana no nomeny?

(Vavaka)

Fizarana I: Ny ilàna Fanangonana Ankapobeny

I Paoly dia nanana hevitra hanaovana fanangonana nanerana ny Fiagonana Kristiana voalohany, niaraka taniin'ny Asa Fitorian-teny nataony. Manana antsimpiriany mahakasika izany isika ao amin'ny 1 Korintiana 16:1 sy andiminy faha 3. “*Ary ny amin'ny famoriam-bola ho an'ny olona masina, dia mba manaova koa hianareo toy izay nasaiko nataon'ny fiagonana any Galatia.*” “*Ary rehefa tonga aho, dia izay sitrakareo no hirahiko hitondra taratasy hanatitra ny fiantranareo ho any Jerosalema.*”

Niatrika fihaikana makadiry ireo Kristiana Jiosy. Nisy mosary mahery vaika nanodidina an'I Jerosalema tany Jodia. Toy izao no fivakin'ny Asa 11:27-29: “*Ary tamin'izany andro izany dia nisy mpamainany sasany avy tany Jerosalema nankany Antioquia. Ary nitsangana ny anankiray tamin'ireny, izay atao hoe Agabo, fa voatsindrin'ny Fanahy izy ka nilaza fa hisy mosary be eran'ny tany rehetra. Ary dia tonga izany tamin'ny andron'I Klaodio. Ary ny mpianatra ninia hampitondra zavatra arak any ananany hamony ny rahalahy izay nonina tany Jodia.*”

Ny tanjon'ilay fanangonana dia ny hanao vonjy ranovaky ho an'ireo vahoakan'Andriamanitra tany Jodia, izay tena nijaly mafy. Ny Apostoly Paoly na dia niantso ny tenany ho apostolin'ny Jentilisa aza, dia tena sahiran-tsaina ary naniry hanao vonjy ranovaky ho an'ireo Kristiana Jiosy. Ohatry ny firaikanina io, ary ny Fiagonana Voalohany dia tsy hoe iray tamin'ny Teny fotsiny fa iray tamin'ny fifampiahiana ihany koa, na dia teo aza ireo fahasamihafana ara-kolontsaina sy ara-pirenena. Io fanao io dia mifanohitra amin'ilay fironan'ny sasany izay manome an-kahalalahana sy manohana ireo izay akaiky azy ihany, azontsika jerena sy ahazoana tombony izany. Izany no fahalan-tanana tsy misy fitiavan-tena ambadika.

Ny fandinihana akaiky kokoa ny Asa 11:27-30 dia manambara amintsika fa ilay fanangonana dia tsy ho fanaovana vonjy ranovaky ihany no tanjony. Tsy voafetra tany Jerosalema any Jodia ihany ilay mosary fa “*eran'ny tany rehetra*”. Azo antoka fa saika nanerana ny fanjakana Romana iray manontolo izany. Tamin'ny toerana rehetra no nilàna vonjy ranovaky saingy ho an'ny Fiagonana tany

Jerosalema no nangatahin'I Paoly izany tamin'ny fomba manokana. Inona no mety ho anton'izany? Ny anjara asan'ny Fiagonana tany Jerosalema, ilay fiagonana reniny, no afaka manazava izany fiheverana manokana izany. Nanana anjara asa hianinan'ny aina teo amin'ny ara-panahy, arapitantanana sy arak'asa misionera ny Fiagonana tany Jerosalema tao anatin'ny Fiagonana Kristiana vao teraka. Noho izany, ireo anjara birikin'ireo fiagonana rehetra ho an'I Jerosalema dia tsy ho vonjy ranovaky fotsiny fa mba hahazoana antoka fa afaka manohy ny andraikitra amin'ny maha vata-tena mpitantana nankinin'Andriamanitra taminy ny Fiagonana tany Jerosalema.

Manana andraikitra roa tsy misaraka ihany koa isika amin'ny fitantanana ireo fananana nomen'Andriamanitra antsika: ny fiahiana ireo sahirana ary ny fampandrosoana ny asan'Andriamanitra. Maro ireo izay manan-tombontsoa tsy hipetraka any amin'ny toeran'ny mosary mihitsy, kanefa eto amintsika mandrakariva ireo malahelo sy sahirana (Marka 14:7). Nisy mpanoratra tsy fantatr'anarana iray nanoratra ireto teny ireto mahakasika ny andraikitsika eo anivon'ny fiaraha-monina: "*Raha ao an-dohanao fotsiny, fa tsy eo amin'ny Tamanao ny maha-Kristiana anao, dia tsy mankaiza ny tombambidin'izany.*" Mazava ihany koa fa "Napetrak'Andriamanitra eo am-pelatanan'ny mpanompony ireo fitaovana mba hampandroso ny asany any an-tokantrano sy ny iraka any ampitan-dranomasina" (*The Review and Herald*, Dec. 23, 1890).

Vakantsika ao amin'ny 2 Korintiana 8:10b ny valiteny voalohany nasetrin'ny Fiagonana tany Korinto tamin'ny antson'I Paoly, "*satria tsy ny fanaovana ihany, fa ny fikasana koa aza dia efa natombokareo teo alohan'ny sasany hatry ny taon-itsy*". Toa nikiky ny fahavononan'ny Kristiana hanome anefa ny fandehanan'ny fotoana. Ao amin'ny 2 Korintiana 9:3-5 I Paoly dia maneho ny fanahiany sasany ny amin'ny fahavononan'ny Fiagonana amin'ny fanangonana manaraka. Tsy fantatsika amin'ny antisipirany izay niseho teo anelanelany teo. Ny azo antoka dia hoe nanova ny fahavononan'ny mpino hanome ho an'ny Fiagonana tany Jerosalema ny fiovan'ny taona na ny vanin'andro. Ary eto I Paoly dia mangataka amin'izy ireo mba ho mpanome amin'ny vanin'andro rehetra. Ahoana ary no hiakarantsika avy amin'ny toeran'ny mpanome arakaraky ny fihetseham-pona ny toe-javatra, ho amin'ny toeran'ny mpanome mandritra ny fiaianana, mpanome tsy tapaka?

Fizarana II: Ny Fahasoavan'Andriamanitra

Ho fanairana ny faharisihan'ny Fiagonana tao Korinto, fa tsy ho fanaovana antso, no nizaran'ny Paoly ny ohatra nasehon'ireo Makedoniana sy ny hery ahafahana manome amin'ny vanin'andro rehetra. Manako mafy mihoatra noho ny toriteny sy ny antso matetika, ny fijoroana vavolombelona sy ny fanehoana ohatra. Izany no antony ambadik'ireo tatitra maneran-tanintsika ao amin'ny Sekoly Sabata.

Vakantsika ao amin'ny 2 Korintiana 8:1 "*Ary ampahafantarinay anareo, ry rahalahy, ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena tao amin'ny fiagonana any Makedonia.*" Makedonia dia ilany avaratra amin'ny Grèce ankehitriny. Nanorina fiagonana tao amin'ireo tanànan'I Makedonia I Paoly dia i Filipia, Tesalonika ary Beria.

Ny lohahevi-dehiben'io fizarana io dia ny fahalalan-tanan'ireo fiagonana tany Makedonia. Mahaliana fa tsy izay nomen'izy ireo no nanombohan'I Paoly, fa "*ny fahasoavan'Andriamanitra*" izay noraisiny. Ambaran'I Paoly amin'ny vahoakan'I Korinto fa nandray ny fahasoavan'Andriamanitra, fanomezana avy amin'Andriamanitra ireo Makedoniana. Inona no

fanomezana noraisin'izy ireo avy tamin'Andriamanitra? Nandray fananana ara-materialy izay maneho ny anton'ny fahalalan-tanany ve izy? Tsy dia izay loatra.

Voalohany, ny fanomezana izay noraisiny dia ny fanahin'ny fanomezana, ny fanahin'ny fahalalan-tanana sy ny fitiavana mizara. Ny olombelona lavo dia manana fironana tsy hahalala afa-tsy ny tenany ary tia tena, na manao ahoana na manao ahoana habetsaky ny eo am-pelatanany. Tena resy lahatra amin'io zava-misy io mihitsy ny devoly ka sahiny ny nametraka ity fanontaniana ity tamin'Andriamanitra mahakasika ilay patriarka malaza ao amin'ny Joba 1:9, "*Moa tsy fanantenanjavatra va no atahoran'I Joba an'Andriamanitra?*" Zatra manao zavatra mba ahazoana tambiny isika; mba ahazoana na mba hihazonana tambiny. Tsy hoe nanome izay hananany ireo Makedoniana satria hoe mpanome "kalazalahy" izy ireo, fa satria nataon'Andriamanitra tao aminy izany fahafahamao izany, izany no Fahasoavany ho azy ireo. Izany fahasoavana izany ihany koa no nanova an'I Zakaiosy ho lasa malala-tanana indrindra tao Jeriko. Omen'Andriamanitra antsika ny hery ahafahana manome.

Mendrika ny homarihana ihany koa fa io teny hoe "fahasoavana" io ihany no hanoritsoritana ny fanomezana na anjara biriky nataon'ireo Makedoniana (2 Kor. 8:6, 7; 2 Kor. 9:8; 1 Kor. 16:3). Ny fahasoavan'Andriamanitra dia tena ilantsika hananana raha tiantsika ny ho lasa loharonom-pahasoavana ho an'ny hafa. Ny fahafahana manome, ny fironana hanome ary ilay fihetsika manome dia samy fanomezan'ny fahasoavana avy amin'Andriamanitra daholo.

Mba hanampiany ny mpamaky hahatsapa ny akon'ny fahasoavan'Andriamanitra tamin'ireo Makedoniana dia soritsoritan'ny Paoly ireo fanandraman'ny fitantanana'ny ao ambony izay nandalovan'ireo mpino ireo. Vakantsika ao amin'ny 2 Korintiana 8:2, "*Fa tamin'ny fahoriana be nizahan-toetra azy no nitomboan'ny hafaliany, ary ny hamafin'ny fahantrany no nampitombo ny haren'ny hitsim-pony.*" Miorina eo amin'ny fampifanoheran-teny (contraste) kanto dia kanto anankiroa io andalan-teny io. Voalohany, ilay fahoriana be dia milaza ilay fanenjehana izay niaretan'ny Makedoniana noho ny finoany. Miresaka ny amin'ny fanadrohadroana atao'izao tontolo izao amin'ny vahoakan'Andriamanitra io. Nitombo hafaliana tao anatin'ny fahasambarana izy ireo, raha tokony ho kivy vokatr'io toe-javatra io. Izany no herin'ny fahasoavan'Andriamanitra. Faharoa, ilay fizahan-toetra dia nahatonga ireo Makedoniana ho ao anatin'ny "*fahantrana mafy*" izay midika ara-bakiteny hoe "fahantrana hatrany amin'ny farany lalina". Fantatra tsara tao amin'ny fanjakana Romana fa faritra manan-karena sy mamokatra I Makedonia. Vao maika nangidy kokoa ny nizaka izany fahantran'ny mpino tao Makedonia izany, raha dinihana araka io tontolon-kevitra io. Na dia teo aza anefa ny tsy fahampian'ny teo am-pelatanan'izy ireo dia nanan-karena fahalalan-tanana ireo Makedoniana raha ny hevit'I Paoly. Izany no herin'ny fahasoavan'Andriamanitra.

Inona ary no anton'ny fifalian'izy ireo? Vakantsika ao amin'ny Asa 20:35 "...ka hahatsiaro ny tenin'I Jesosy Tompo, izay manao hoe: 'Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray.' Misy tokoa ny fahasambarana rehefa manome. Ny fikarohana vao haingana nataon'ireo mpahay siansa enina tao amin'ny Universiten'I Zurich (*Nature Communications, 11 July 2017*) dia naneho fa misy mifandray mivantana ny fahalalan-tanana sy ny fahasambarana. Ny fanadihadiana ireo izay nanampikasana hanome dia naneho fa miasa kokoa ny lafiny ao amin'ny atidohan'izy ireo izay mifandray amin'ny fahasambarana, noho ny an'ilay sokajy hafa izay tsy nanapa-kevitra hanome.

Tetsy ankilany kosa anefa dia lasa sarotra ho an'ireo olona tao Korinto ny hanohy hanome. Maneho loharano fankaherezana ho an'ny mpino rehetra ny fampianaran'I Paoly mahakasika ny

“fahasoavan’Andriamanitra”. Miaiky mihitsy izy fa toa tsy mandeha ho azy ny fitiavana manome indraindray. Tsy mifanaraka amin’ny maha izay antsika amin’ny mahaolombelona antsika ny fahalalan-tanana. Nanova ireo Makedoniana mahanza sy nenjehina ho lasa mpanome am-pifaliana sy tsy ampoizina ny fahasoavan’Andriamanitra. Tena misy ary mahomby ny hery ahafahana manome amin’ny vanin’andro rehetra.

Azon’ny tsirairay avy amintsika raisina ihany koa ilay fahasoavana niasa tao amin’ireo Makedoniana. Manoratra izao teny izao I Paoly ao amin’ny Efesiana 4:7, “*Fa samy nomena ny fahasoavana araka ny ohatry ny fanomezan’I Kristy avy isika rehetra.*” Nandoa ny sarany fenon’ny fanomezan’ny fahasoavana Kristy. Ahoana no ahafahako sy ahafahanao mandray io fahasoavana io? Vakantsika ao amin’ny 2 Korintiana 8:5, “*Ary tsy araka ny nantenainay, fa ny tenany no natolony ho an’ny Tompo aloha, dia vao ho anay koa noho ny sitrapon’Andriamanitra.*” Nanolotra ny tenany ho amin’ny hery sy ny fiahian’Andriamanitra aloha ireo Makedoniana. Izay izy vao afaka nanatanteraka ny sitrapon’Andriamanitra, ilay Mpanome Lehibe. Manoritsoritra ny loharano nipoiran’io hery ahafahana manome tao amin’ireo Makedoniana io I Ellen White amin’ny alalan’ireto teny ireto: “*Ny fahavononana hanao sorona nasehon’ireo mpino Makedoniana dia hita vokatry ny fanoloranta amin’ny fo manontolo*” (*Acts of the Apostles*, p.343). Rehefa manolo-tena tanteraka ho an’Andriamanitra isika, dia reseny ny fitiavan-tena ao anatintsika. Roasin’ny faharesen-dahatra fa Andriamanitra no Mpanome, ilay tahotra hanome.

Fizarana III: Ny Fomba fanome nasehon’ireo Makedoniana

Rehefa avy nizara ilay hery ahafahana manome izay noraisin’ireo Makedoniana tamin’Andriamanitra I Paoly, dia manome antsipiriany mahakasika ny fomba fanome nasehon’ireo Makedoniana indray izy. Naseho ho toy ny idealy ho an’ny mpino tao Korinto sy ny mpino mandritra ny taranaka rehetra io. Vakantsika ao amin’ny 2 Korintiana 8:3, 4, “*Koa vavolombelona aho fa araka ny zakany, eny, mihoatra noho ny zakany aza, sady araka ny sitrapony ihany no nanomezany, sady nangataka mafy taminay koa izy mba havelanay hikambana amin’izany fanompoana ho an’ny olona masina izany.*”

Araka izay zakany

Araka ny habetsahan’ny noraisiny no nanombanany ny fanomezany fa tsy araka izay nomeny. Tsy nampitaha ny tenany tamin’ny hafa izy ireo raha nanome. Rehefa mahita ny hafa manome betsaka isika, dia mety hihevitra fa tsy dia tokony hanome intsony isika. Rehefa mahita ny hafa manome kely isika, dia mety hihevitra fa be loatra no omentsika. Farany, rehefa tafiditra ao anatin’ny lalaon’ny fampitahana ny olona iray dia miafara amin’ny fanomezana kely kokoa noho izay tena tokony ho azony omena tokoa izany. Antsoina isika mba hanao kajy ny fanatitra ataontsika arakaraka, izany hoe manaraka isan-jaton’ny vola niditra tamintsika, izay no atao hoe manome araka izay zakantsika.

Mihoatra noho izay zakany

Tsy hoe nanome izy ireo rehefa avy nanokana izay nilainy. Tsy hoe tao amin’ny ambim-bavany io. Tsy azo antoka ho nanana ambim-bavaka akory aza izy ireo! Nanome tao anatin’ny tsy fisiana sy tsy fahampiana izy ireo. Mamporisika io fihetsika io ho an’ny Kristiana I Ellen White:

“Ny tsy fisiana fandavan-tena ao anatin’ireo miseho ho Mpanara-dia an’Andriamanitra, dia tsarainy ho toy ny fandavana ny anarana hoe Kristiana. Ireo izay miseho iray amin’I Kristy ary maneho ny faniriana feno fitiavan-tena ao anatiny, amin’ny fitafiana, fanaka, sakafo lafo vidy, dia Kristiana amin’ny anarana fotsiny. Ny atao hoe Kristiana dia manahaka an’I Kristy.” (Review & Herald, Oct. 13, 1896) Mba ahafahana mampihatra an’io fanambarana io ankehitriny, dia mety misy zavatra hafa azontsika hanampiana an’ilay lisitra hoe fitafiana, fanaka ary sakafo. Ny tsiambaratelon’ny “*manome mihoatra noho izay zaka*” dia ny fametrahana ilay omena ho lohalaharana ao amin’ny lisitry ny fandaniana, ary miaima araka ny teti-bolanao manokana na ny an’ny ankohonana.

Araka ny sitrapony

Ny fihetsika manome dia vokatry ny safidy, ary fanapahan-kevitra. Tsy vokatry ny haitraira na fihetseham-po io. Diso ny fiheverana fa ny fanatitra an-tsitrano dia midika hoe ekena raha misafidy ny tsy manome ilay mpino. Ny fanatitra an-tsitrano dia midika hoe manome, araka ny faneren’ny fo nohavaozina, mifanaraka amin’ny fidiram-bolantsika. Tsy heverina ho fanerena izany.

Antso handray anjara

Ny fihetsika manome dia noheverin’ireo Makedoniana ho tombotsoa izay tsy tokony holavin’izy ireo mihitsy. Tsy nitaraina izy ireo noho ny antso iray hafa fa tsapany hoe fahafaha-manao miverimberina ahafahana miara-miombon’antoka amin’Andriamanitra io toe-javatra io.

Famaranana

Tsy mandeha ho azy amin’ny taranak’olombelona ny hoe manome amin’ny vanin’andro rehetra. Fitsipika mifehy ireo izay nanao fanandramana ny fahamarinan’I Kristy kosa anefa io: “*fa ny marina kosa manome ka tsy mba mahihitra.*” Zarain’Andriamanitra amin’ireo izay milefitra amin’ny Fitarihany ny fahasoavan’ny fihetsika manome. Tahaka ireo Makedoniana, dia afaka ny hovana ho lasa mpanome malala-tanana sy sambatra ihany koa isika.

Aniel Barbe

Ministeran’ny Fitantanam-piainana Kristiana, SID

**MPIARA-MIOMBON’ANTOKA TSY AM-BAVA
ALAHADY 03 DESAMBRA**

Fampidirana

Iza no nanankinana ny andraikitra hamita ny iraka nasain'Andriamanitra atao? Ho valin'io fanontaniana io dia mandeha ho azy amintsika ny mihevitra hoe ireo izay mahay mitoriteny, mampianatra ary mahay miteny. Moa ve tsy fitoriana sy fanambarana hafatra no hanoritsoritana ilay iraka, izany hoe tena zava-dehibe faratampony amin'ny fanatanterahana izany ny fahaiza-miteny? Ny tantaran'ny olo-malaza anankiray tsy dia noresahina firy dia haneho amintsika fa afaka miaramiombon'antoka tsy am-bava isika, kanefa sady afaka manana anjara asa manan-danja sy mahomby amin'ny fanatanterahana ny iraka nasain'Andriamanitra natao. Hisaintsaina ny amin'ny tombambidin'ireo asa fanompoana izay tsy mitaky ny fampiasana teny isika, sy ireo fepetra hampahomby azy ireo.

(Vavaka)

Fizarana I: Mitarika ny Vahoaka ho amin'ny Fifandraisana Ety (“Intimité”)

Ny bokin'ny Eksodosy dia tena omena lanjany tokoa satria mirakitra ireo didy 10, voarakitra ao amin'ny toko faha 20. Ny ampahany betsaka indrindra amin'ilay boky anefa (toko faha 25-40) dia miresaka fiankohofana. Manome toromarika amin'ny antsipiriany sy mivelatra Andriamanitra, mahakasika ny famolavolana ireo fepetra tsara indrindra izay ahafahan'ny vahoakany miankohokha Aminy. Ao amin'io ampahany io no misy ny toko sy andiminy fototra izay hisaintsainantsika, ao amin'ny Eksodosy 31:1-11. Misy singa iray izay ivon'ny fanandramam-piankohofana niainan'I Israely. Vakiantsika ao amin'ny Eksodosy 25:8,9: “Ary asaovy manao fitoerana masina ho Ahy izy, dia honina eo aminy Aho. Araka izay rehetra asehoko aminao, dia ny endriky ny tabernakely sy ny endriky ny fanaka rehetra momba azy, dia araka izany no hanaovanao azy”. Ny ho eo anivon'ny Vahoakany aloha no fikasan'Andriamanitra voalohany, mialohan'ny hitarihany ny Israelita ho any amin'ilay tany nampanantenaina.

Naniry mandrakariva ny hifandray sy hifanakaiky tamin'ny Vahoakany Andriamanitra. Jesosy no ilay Andriamanitra amintsika, rehefa tonga teto an-tany Izy. Rehefa nisafidy ireo mpianany Izy, dia ny hiarahan'izy ireo Aminy no tanjony voalohany (Marka 3:14). Io fiarahana io ihany koa no endrika manan-danja ao amin'ny hafatry ny fiverenany fanindroany. “Ary nahare feo mahery avy teo amin'ny seza fiandrianana aho nanao hoe: Indro, ny tabernakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona, ary Izy hitoetra* eo aminy, ary ireo ho olony, ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho

Andriamaniny.” (Apokalipsy 21:3-4). Ny singa faratampon’ilay Iraka dia ny fifandraisana ety eo amin’ny taranak’olombelona sy Andriamanitra mandritra ny mandrakizay.

Nandritra ny fifindra-monina dia tsy maintsy nanangana “miskhan”, na tranolay fihaonana ny Israely tany an’efitra, mba ahafahan’Andriamanitra monina na “shakhan” ao. Izany no nataony amin’ny maha-firenena azy. Nandray anjara tamin’ny nananganana ilay tranolay ny Israelita tsirairay tamin’ny alalan’ireo fanomezana sy fanatitra nataon’izy ireo. Endrika fiaraha-miombon’antoka tsy atao am-bava io. Io iraka io ihany koa no nomena ny Vahoakany amin’ny taranaka rehetra -ny hitarika ny olona farany betsaka indrindra hanana fifandraisana ety amin’Andriamanitra ary hanomana vahoaka amin’ny fihaonana farany miaraka Aminy. Afaka ny ahatanteraka ny iraka nampanaochina antsika tokoa isika ankehitriny, amin’ny alalan’ny fianarana ny fanandraman’ilay fananganana tranolay tany an’efitra. Andeha hisaintsaina sy hifantoka amin’ilay vondron’olona manokana izay nanao ny anjarany tsy am-bava isika.

Fizarana II: Nantsoin’Andriamanitra

Ny Eksodosy 31:1-11 dia miresaka ny amin’ireo lehilahy mpanao tao-zavatra izay nanara-maso sy nanangana tranolay ary ireo fitaovana ao anatin. Ampahafantarin’Andriamanitra amin’I Mosesy ireonofidiany ho filohan’ireo mpahay asa tanana ao amin’ny andininy voalohany. “Ary Jehovah niteny tamin’i Mosesy ka nanao hoe: Indro, efa notononiko anarana Bezalila, zanak’i Ory, zanak’i Hora, avy amin’ny firenen’i Joda ...” (Eksodosy 31:1, 2). Voatonona ao amin’ny andininy faha 6 ireo mpanampy azy ireo. “Ary, indro, Izaho efa nanome an’i Oholiaba, zanak’i Ahisamaka, avy amin’ny firenen’i Dana, ho namany; ary ny fon’izay hendry rehetra dia efa nasiako fahendrena, mba hanaovany izay rehetra efa nandidiako anao”. Ireo teny ireo dia manoritsoritra ny andraikitra nandrasana tamin’ireo lehilahy ireo, izay ny fahaiza-manaony no voalohany namanany, fa tsy ny fahaiza-miteny, na ny feony.

Nampahafantarin’Andriamanitra an’I Mosesy fa na dia izy aza no mpitarikan’Israely voafidy, dia tsy izy no hanangana ilay toerana ivon’ny fiankohofana, dia ilay tranolay fihaonana. Nankinin’Andriamanitra tamin’ny hafa io andraikitra io, tamin’ny olona izay tsy dia fantatra ohatran’I Mosesy. Ilay hoe Andriamanitra tsy maintsy niteny tamin’I Mosesy mahakasika ny firazanan’ireo mpanao asa tanana roalahy ireo dia maneho fa mbola tsy dia fantatra loatra izy ireo. Tahaka ny mpitarika rehetra, dia mety tratran’ilay aretin’ny Mpitarika te hanao ny rehetra

(“Monsieur qui fait tout”) I Mosesy indraindray. Ilay toromarik’Andriamanitra mahakasika ireo hanorina ny tabernakely dia akon’ilay torohevitra nomen’I Jetro rafozany azy mahakasika ny fizarana andraikitra.

Indraindray isika dia mihevitra fa mora sy mahomby kokoa ny manakambana ireo andraikitra sy asa fanompoana eo anivon’ny Fiagonana ary ny mametraka ireny eo an-tanan’ny olona vitsivitsy. Olona izay efa nanaovantsika fanandramana ary hita hoe nahomby sy azo hitokisana no ampia-saintsika. Miresaka ny amin’ny tsy fetezan’io fomba fanao io anefa I Ellen White: “Mbola misy fahalemena ihany eo anivon’ireo izay tsy vonona ny hanao irery ny zavatra rehetra, dia ny fironana tsy hitoky afatsy amin’ireo olona manana talenta sy fahaiza-manao efa mivelatra. Efa olona mahay no hizarany andraikitra. Tsy misy ny fotoana atokana amin’ny ‘fampivelarana sy fampitomboana’ talenta. Mbola kely foana ny herin’ny asa atao”(RH June 27, 1912). Io fanao io dia manakana ny Fiagonana tsy hahazo tombony amin’ireo loharanon-kery marobe izay nomen’Andriamanitra sy manakana ny tsirairay tsy hiaina mifanaraka amin’ny tanjona nomen’Andriamanitra azy. Anjara asa iray ao anatin’ny fitarihana ny “manakambana ireo hery sy tanjaky ny rehetra mba ahatonga azy ireo ho lasa mpanampy. Amin’izany no ahafahany manao hetsika mahery vaika ho an’ny Tompony” (ibid).

Io andalan-teny io ihany koa dia manaporofo fa tsy mpaminany na mpisorona na mpampianatra na mpitsara ihany no nosafidian’Andriamanitra fa mpanao asa tanana ihany koa mba hahatomombana ireo fepetra rehetra ahafahan’ny olona mifandray akaiky Aminy. Niantso an’I Bezalila (ilay filohan’ny mpanao asa tanana) tahaka ny niantsoany an’I Mosesy (Eksodosy 3:4; Eksodosy 33:12), Samoela (1 Samoela 3:10), Kyrosy (Isaia 45:3,4), sy ireo mpitarika ara-pivavahana, ara-politika ary ara-tafika Andriamanitra. Mety ho samihafa ny endriky ny asa kanefa avy amin’ilay Andriamanitra iray ihany ny antso. Tsy misy antanatohatra eo amin’ireo karazana fiantsoana amin’ny asa fanompoana ao anatin’ny fiagonana. Tsy misy mampitombina ilay fironana mahazo laka eo amin’ny fiara-hamionina izay manambany ny asa tanana, ao anatin’ny Fiagonan’Andriamanitra. Ahoana no hiheverantsika ny asa fanompoana ataontsika rehefa tsy mitoriteny, na mampianatra na mitarika izany? Mihevitra ve isika fa ambany kokoa ny tombambidin’ireny.

Fizarana III: Nohatanjahin’Andriamanitra

Te hanome toky an’I Mosesy Andriamanitra ny amin’ny tsy mahadiso ny Safidiny, tamin’ny nanoritsoritany ireo fahaiza-manaon’I Bezalila. Vakiantsika ao amin’ny Eksodosy 31:3 “ary efa nefenoiko fanahin’Andriamanitra izy, dia fahendrena sy fahiratan-tsaina sy fahalalana ny amin’ny tao-zavatra samy hafa”. Ny mpanakanto na mpahay asa tanana dia heverina ho manana fahiratan-tsaina,

fahalalana ary fahaiza-manao. Ankoatran'ireo fahaiza-manao tena ilaina ireo anefa dia fenon'ny Fanahy sy fahendrena ihany koa I Bezalila, ilay mpanakanto sy mpahay asa tanana. Izany no naseho ho toetra tsara nananany voalohany. Ilay hoe Fanahin'Andriamanitra, "Ruach Elohim", dia maneho ny Fanahin'Andriamanitra izay nanomba tambonin'ny rano tamin'ny fiandohan'ny herinandro famoronana. Nandray anjara tamin'ny nanomezany endrika izay tsy misy endrika, sy tamin'ny famenoana izay foana io Fanahy io. Io Fanahy io ihany koa no manome ny mpino anankiray "teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana,..., ary ny anankiray finoana ..., ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana enti-mahasitrana ..., ary ny anankiray ny manao fahagagana, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra." (1 Korintiana 12:8-10) Azo antoka fa hahavita asa miavaka tokoa I Bezalila noho ny nandraisany io Fanahy io ihany koa.

Zava-misy izany hoe maro ireo mpanakanto sy mpahay tao-zavatra no afaka manao ny asany na dia tsy eo ambany fitarihan'ny Fanahy mivantana aza. Koa satria ara-panahy daholo no mahaizy ireo asa fanompoana rehetra eo anivon'ny fiangonana, dia tena ilaina voalohany indrindra ny Fanahy ao anatin'io tontolon-kevitra voafaritra io. Moa ve manao ambanin-javatra ny maha-zava-dehibe ny hoe fenon'ny Fanahy isika raha manompo amin'ny karazan'asa fanompoana iray ao amin'ny Fiangonana? Andeha hotsaroantsika fa ireo diakona voafidy hizara ara-drariny ny sakafotao amin'ny Fiangonana voalohany dia tsy hoe noheverina ho mahay kajy na ho mpitantana toerana fikarakarana mahay, fa "fenon'ny Fanahy" (Asa 6:3).

Ny mason-tsivan'ny fananana aim-panahy ambony dia tokony ampiharina tsy hoe amin'ny fifidianana mpitoriteny na mpampianatra fotsiny fa tokony ampiharina na oviana na oviana isika no mifidy olona handray anjara amin'ireo asa fanompoan'ny fiangonana. Mety ho efa manana talenta ara-boajanahary amin'ny fibaikoana hira, na fikirakirana ny ara-teknika na mpandamina sehatra hianao, na mety nianatra fahaiza-manao ara-teknika sasany, kanefa ny hoe "Fenon'ny Fanahy" no mason-tsivana voalohany ho amin'ny asa fanompoana izay hahazoana sitraka avy amin'ilay Anankiray izay niantso anao. Irin'Andriamanitra ny hameno anao amin'ny Fanahin'ny famoronana masina: mandondona, mitadiava, mangataha dia omena ianao.

Ankoatran'ny Fanahy dia resahin'Andriamanitra ihany koa ny fahendrena nomeny an'I Bezalila. Nanana ny fahaiza-manavaka hahafantatra sy hanao izay tokony ho atao izy. Raha niaina tamin'izao

andrantsika izao I Bezalila, dia mety nahazo “j'aime” sy mpanaraka an'arivony tamin'ny Facebook, Twitter ary ireo tambazotra ara-pifandraisana hafa izy. Manako mihoatra noho ny teny an'arivony ny zava-kanto amin'ny toe-javatra maro. Indrisy anefa fa nitarika ny maro ho amin'ny fahalavoana ara-pitondran-tena matetika ny laza sy ny fahombiazana. Mifanohitra amin'izany kosa I Bezalila izay mpanakanto nanana soatoavina ara-panahy ambony. Tsy nihevitra ny tenany ho ambonin'ny lalàñ'Andriamanitra izy. Ahoana no nahatonga azy ho tena fenon'ny fahendrena avy any ambony toy izany? Manome valiny azo hitokisana ny Ohabolana 9:10: “Ny fahatahorana an'i Jehovah no fiandoham-pahendrena; Ary ny fahafantarana ny Iray Masina no fahazavan-tsaina.” Ny fahatahorana an'I Jehovah no loharanon'ny fahendrena azony. Ny hoe matahotra an'I Jehovah dia manaja sy milefitra amin'Andriamanitra ary tsy miezaka ny ho lasa sampy ho an'ny hafa sy ho an'ny tena. Ny loharanom-pahendrena hafa dia ny “fahafantarana ny Iray Masina”. Na dia tsy nandray anjara mivantana tamin'ny asa fampianarana na fitorian-teny aza I Bezalila, dia nosenoindy ny fahafantarana an'Andriamanitra ny tenany. Manamafy ny hifandraisan'ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra sy ny fahendrena I Ellen White. “ Ny ezaka handray ireo fahamarinana lehibe avy amin'ny fanambarana dia mahatonga fahavitrihana sy tanjaka ho an'ireo fahafaha-manao sy fahaiza-manao rehetra. Mampivelatra ny saina izany, mandranitra ny fahatakarana ary mahamatotra ny fahaiza-mandanjalanja” (*The Great Controversy* na Hery Mifanandrina p. 94). Hatanjahin'Andriamanitra ireo izay miara-miombon'antoka Aminy tsy am-bava rehefa manandratra ilay Teny Velona sy mivelona amin'io Teny io izy ireo.

Fizarana IV: Mpriara-miombon'antoka ao ambadiky ny alok'Andriamanitra

Toetra manan-danja iray hananan'ireo mpriara-miombon'antoka tsy am-bava ihany koa ilay azo avy amin'ny anaran'I Bezalila. Midika ara-bakiteny hoe “Ao ambadiky ny alok'I El” ny anarany. Ny olona izay mitondra izany anarana izany dia tokony ho eo ambany fitarihan'Andriamanitra, manakaiky Azy ary eo ambany fiarovany. Tsy hoe nanampy tamin'ny fananganana tranolay izay toerana hihaonan'ny hafa amin'Andriamanitra fotsiny I Bezalila, fa tao anatin'ny fifandraisana ety tamin'Andriamanitra no nahafantarany ny mahaizy azy.

Manana toetra mahaliana anankiray ihany koa ny aloka. Ny zavatra na olona izay hikambanan'ny aloka no manapa-kevitra ny lalana hizorany ary manaraka am-pahatokiana fotsiny izy. Rehefa mandeha miankavanana, na miankavia, na mihemotra na mandroso ny olona iray, dia manaraka azy eo no ho eo ny alokany. Nantenaina ho vonona hanaraka ireo toromarika ireo mpanakanto sy

mpahay asa tanana raha niasa nanangana ny tranolay. “Araka izay rehetra nandidiako anao no aoka hataon’ireo” (Eksodosy 31:11b). Fantatra ho manana sary an-tsaina mamokatra sy fahaiza-mamorona be ary fahaizana mampifanaraka ny asa amin’ny zava-misy eo (“improviser”) ny mpanakanto sy ny mpahay asa tanana. Ny sasany amin’ireny dia miaro ny mampiavaka azy sy ny toe-tsainy mikomy amin’ny filazana hoe: “izaho dia mpanakanto”. Ny mpiara-miombon’antoka tsy am-bava mahomby dia ireo izay mampilefitra ny fahaiza-mamorona hananany eo ambany fifehezana sy fitarihan’Andriamanitra. Manaraka am-pahatokiana amin’ny antsipiriany ny endrika izay napetrak’ilay Mpanao trano (“Architecte”) avy any Ambony izy ireo.

Samy manana ny fomba fanaovantsika zavatra isika rehetra. Mpanakanto daholo isika amin’ny fombantsika sy amin’ny fotoanany. Ny mampiavaka ny tsirairay sy ny vokatry ny fahasamihafana dia tsy tokony foanana fa tokony hamafisina sy homena tombambidiny. Mety hiteraka fifandonana sy mety hisy akony tokoa amin’ny fandrosoan’ny Asan’Andriamanitra anefa ny fanaovana izany. Indrisy fa izany no toe-javatra mahazo laka any amin’ny fiangonana maro. Azo antoka fa mety ho nitranga ihany koa izany teo amin-dry Bezelila, Oholiaba ary ireo mpahay asa tanana hafa izay nandray anjara tamin’ny fananganana ilay tranolay sy ny fanaovana ireo fitaovana ary fitafian’ny mpisorona. Noresena anefa izany. Ary dia sangan’asa (“chef d’oeuvre”) tany an’efitra no vokany. Voafehy na lasa fifandonana mahasoa ny fifandonana rehefa miara-manaiky ilay fitsipiky ny hoe ao ambadiky ny alok’Andriamanitra ny rehetra, ary mamboly fifandraisana ety Aminy sy milefitra tanteraka amin’ireo Toromarika omeny.

Famaranana

Tsy ny rehetra no nantsoina ho mpiara-miombon’antoka amin’ny alalan’ny feo, ny fomba fiteny, ny teny ambara. Mivelatra lavitra noho ny hoe fanehoana am-bava ny fahamarinana fotsiny ny Iraka asain’Andriamanitra atao. Mihoatra noho ny hoe mametraka lehilahy na vehivavy iray eo ambadiky ny pilopitra ny Asa Fitoriana ny Filazantsara. Nanendry ny sasany ho mpiara-miombon’antoka tsy am-bava Andriamanitra. Samy ilaina ahatonga ny hoe mambra rehetra mandray anjara ho lasa zava-misy marina na ny mpiara-miombon’antoka am-bava na ny mpiara-miombon’antoka tsy am-bava. Manome ny Fanahiny sy ny fahendrena ho an’ireo mpiara-miombon’antoka rehetra Aminy tsy an-kanavaka Andriamanitra. Ny mpiara-miombon’antoka mahomby dia ireo izay mitombo amin’ny fifandraisana Aminy ary vonona ny hanaraka ireo Toromarika omeny.

Lalindalina kokoa

- Milazà fomba sasany ahafahantsika miara-miombon'antoka tsy am-bava amin'ny Iraka asain'Andriamanitra atao.
- Ahoana no ahafahantsika mamporisika sy mampahery ireo mpiara-miombon'antoka tsy am-bava?
- Ahoana no ahafahanao manatsara kokoa ny fahafahanao mahomby, raha toa ka mihevitra hianao fa nantsoina ho mpiara-miombon'antoka tsy am-bava?

LOHATENY:MANOMBOKA AO AN-TOKANTRANO NY FITIAVANA FAMPIDIRANA 04 Desambra

Tsy misy fiaraha-monina na fikambanana afaka ny ho velona raha tsy misy tokantrano, ary tsy misy fankasitrahana voaray ivelan'ny tokantrano afaka manaoana ny sary voapentina ao an-trano, tahaka ny tsy ahafahan'ny fotaka mandoto ny rakitra tsara sy tanteraka ao an-trano. Ny fiaraha-monina izay mifototra amin'ny zavatra hafa ankoatran'ny tokantrano dia tsy haharitra ela. Ny hatsaran'ny fiaraha-monina, ny tanjaky ny firenena dia tokony ho noho ny hery miasa manginan'ny tokantrano. Tsy misy

olona afaka misandratra mihoatra noho izay maha-izy azy ao an-tranony. Na i Ellen G. White aza dia nahatakatra ny anjara toeran'ny tokantrano amin'ny famionjena ny fanahy raha nanoratra izy hoe,

“Manomboka ao an-tokantrano ny famerenana amin'ny laoniny sy fampaherezana ny taranak'olombelona. Manan-danja noho ireo asa hafa rehetra ny asan'ny Ray aman-dreny. Ny ankohonana no mandrafitra ny fiaraha-monina, ary ny lohan'ny ankohonana no mametraka maha-izy azy ny fiaraha-monina. Avy ao amin'ny fo no ‘ihavian’ny aina’ (Ohabolana 4:23); ary ny tokantrano no fon'ny fiaraha-monina sy ny fiangonana ary ny firenena. Miankina amin'ny hery miasa manginan'ny tokantrano ny fahatsaran'ny fiaraha-monina sy ny fahombiazan'ny fiangonana ary ny firoboroboan'ny firenena” *Tanamaso andron’ny fahasalamana*.

Satria maro ireo zavatra mihodidina ny tokantrano dia tsy ho tanteraka mihintsy ny fiaraha-miasa amin'Andriamanitra amin'ny fanaovana ny asan'Andriamanitra raha tsy misy ny fandraisana anjara avy amin'ny tokantrano. Mba hanehoana ny maha-zava-dehibe ny tokantrano dia ohatra dimy avy ao amin'ny Baiboly no ampasaina.

1. MAMOLAVOLA MPITARIKA NY TOKANTRANO

Namaritra ny toetra takiana amin'ny loholona i Paoly, ary nilaza fa ny loholona dia tokony, “manapaka tsara ny ankohonany, mampamaiky ny zanany amin'ny fahamaotinana tsara fa raha misy olona tsy mahay mitondra ny ankohonany, hataony, ahoana no fitandrina ny fiangonan'Andriamanitra?” (1 Timoty 3:4-5)

Ny tokantrano no mamolavola na mamotika ny mpitarika. Ny toetra tsaran'ny mpitarika tsara dia hita ao an-tokantranony alohan'ny ahitan'ny besinimaro izany. Ny antony mahatonga ny maro tsy hahomby amin'ny fitarihana dia satria izy ireo miezaka ny maneho eny ivelan'ny tokantrano ny toetra izay tsy ananany ao anatin'ny tokantrano. Tsy tsara mihintsy ny miseho ho olona tsara eny ivelan'ny tokantrano kanefa manao didy jadona ao amin'ny tokantrano. Maro ireo olona izay lazain'ireo olona mifanena aminy eny an-kalamajana hoe olo-masina, kanefa ny olona miara-mipetraka aminy dia manao azy ho rahalahin'i Satana (raha misy izany). Noho izany antony izany dia afaka miteny tsara isika fa "Manomboka ao an-tokantrano ny fitiavana". Ny Baiboly dia manondro tsara ny maha-ivo ny tokantrano min'ny famolavolana ny fiaraha-monina sy fanohanana ny irak'Andriamanitra.

2. FANTATRI SOLOMONA NY HERIN'NY FIVAVAHANA AO AN-TOKANTRANO

“Zaro amin’izay lâlana tokony halehany ny zaza, Ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin’izany.” (Ohabolana 22:6).

Ity mpanjaka izay hendry indrindra tamin'ny mpanjakan'ny fahiny, eny amin'ny mpanjaka rehetra aza, dia nahafantatra ny hery miasa manginan'ny fivavahana ao an-tokantrano. Ao an-tokantrano no hamolavolana olo-masina ary hamokarana mpanota. Azo lazaina hoe ny tokantrano no sady foibe fandraisana mpiasan'ny lanitra no foibe fandraisana mpiasan'ny helo ihany koa. Raha izany no maha-zava-dehibe ny tokantrano dia tokony ho ao no hanamboarana tsara ny paikady ampasaina hanatrarana izao tontolo izao. Ny ankamaroan'ny olon-dehibe izay manakorontana ny fiaraha-monina dia afaka mampifandray ny toetrary amin'ny fitaizana noraisiny. Eto koa dia azo lazaina tsara fa "Manomboka ao an-tokantrano ny fitiavana".

3. NY TOKANTRANO NO MAMETRAKA NY FOTOTRY NY HOAVY

Momba an'i Timoty, dia izao no nosoratan'i Paoly, "fa hatry ny fony vao zaza hianao dia efa nahalala ny Soratra Masina, izay nampahahendry anao ho amin'ny famonjena amin'ny finoana izay ao amin'i Kristy Jesosy." 2 Timoty 3:15. Nanana ny maha-izy azy hoan'i Paoly sy ny fiangonana i Timoty noho ny zavatra nianarany tao an-tokantrano. Ny fahombiazana izay tratrany dia vokatry ny asa mangingina nataon'ny reniny sy ny renibeny. Raha tsy nahomby tamin'ny adidiny amin'ny fitaizana an'i Timoty ireo vehivavy roa ireo dia ho tsy nahazo ny ohatra araka an'Andriamanitra izay napetrak'i Timoty ny fiaraha-monina. Raha izy no jerena dia azo lazaina tsara fa, "Nanomboka tao an-tokantrano ny fitiavana".

4. MANOMBOKA AO AN-TOKANTRANO NY FISIANA NA NY TSY FISIANY FAHATOKIANA

Ao amin'ny Asan'ny Apostoly toko fahadimy dia hitantsika ny filentehan'ny masoandro eo amin'i Safira sy Ananiasy vadiny. Noraisina tao an-tokantrano ny fanapahan-kevitra hivarotra ampanahany sy hanome ny vidiny hoan'ny fiangonana. Kanefa mampalahelo fa tao an-tokantrano ihany koa no noraisina ny fanapahan-kevitra tsy hanome ny vidiny rehetra hoan'ny asan'Andriamanitra. Tao an-tokantranon'i Ananiasy sy Safira no nobitsihan'ny Fanahy Masina taminy ny hevitra hanohana ny asan'Andriamanitra, ary tao amin'io tokantrano io ihany no nandravan'ny devoly izany plana izany.

Eny, ao an-tokantrano no isehoan'ny ady ifanandrinan'ny tsara sy ny ratsy. Ao an-tokantrano no hamolavolana olo-masina sy mpanota. Mampalahelo fa ny tokantrano, tokantrano mamy, no sady foibe fandraisana mpiasan'ny lanitra no foibe fandraisana mpiasan'ny helo ihany koa. Ao an-tokantrano no ahaterahan'ny zazakely tsy manan-tsiny, ary ao no mety hivadihany ho mpanao heloka bevava. Ao an-tokantrano no ivadihan'ny olona tsinontsinona ho lasa olona manana ny maha-izy azy. Ao an-tokantrano no hanofanana ny sasany ho amin'ny lapa ary ny sasany ho amin'ny lavaka.

Ny tsara rehetra izay hitantsika ao amin'ny namantsika sy mpiara-mivavaka amintsika dia azo ampifandraisana amin'ny tokantrano mitaizana azy. Eto ihany koa dia azo lazaina fa, "Manomboka ao an-tokantrano ny fitiavana".

5. AO AN-TOKANTRANO NO IANARANA NY FITIAVANA MANOME SY NY FITIAVAN-TENA (I Kor. 16:1-2)

Paoly dia nanohana mafy ny fanaovana draftra fanomezana ao an-tokantrano. Nampirisika ny olona hanao plana sy hanomana ny draftra fanomezana ao am-tokantrano izy. Ry namako, ny zavatra hitantsika any am-piangonana dia vokatry ny fanapahan-kevitra tao an-tokantrano. Alohan'ny hametrahana ny ampaahafolony ao amin'ny valopy any am-piangonana dia efa noraisina tany an-tokantrano ny fanapahan-kevitra. Ny olona izay tsy manome any am-piangonana dia efa tany an-tokantrano no nanapaka hevitra ny tsy hanome.

Tsy afaka hanana fiangonana mahatoky isika raha tsy misy ny ankohonana mahatoky. Ny maha-izy azy ny fiangonana dia ny fanahafana ny tokantrano. Raha tianao ho fantatra hoe

mikarakara, mahatoky sy be fitiavana ary tia mampandroso olona ny tokantrano iray dia diniho ny fitondran-tenan'ireo mambra ao am-piangonana. Izay zavatra asehontsika any am-piangonana dia sary taratr'izay asehontsika any an-tokantrano. Eny, azo lazaina tsara fa "Manomboka ao an-tokantrano ny fitiavana".

Ahoana ary no ahafahantsika miara-miasa amin'Andriamanitra amin'ny famitana ny iraka napetrak'i Jesosy? Araka ny efa naseho, dia tsy ao am-piangonana no manomboka ny fanomezana. Ny fanomezana dia omanina sy ianarana ary hevitra tapahina ao an-tokantrano. Ny fiangonana no sehatra anehoana ny fanomezana atao. Tahaka ireo artista izay tsy manao ny famerenana eo anoloan'ny mpihaino sy mpijery marobe fa mamao ny fampisehoana any amin'ny sehatra voatokana, ny famerenanana dia ampiharina lavity ny mpijery marobe— dia ny fiangonana izany. Raha te hiara-miasa amin'Andriamanitra amin'ny famitana ny iraka napetrak'i Jesosy ny fiangonana dia tokony hanomboka ao an-tokantrano izany fiaraha-miasa izany. Hoan'ireo izay mamerina ny ampahafolony sy manolotra ny fanatitra, omany sy ampiaro any an-tokantrano izany fanomezana izany. Tahaka izany koa, ireo izay tsy manome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny fanomezana dia tsy manome voninahitra azy ihany koa any an-tokantrano.

Ny paikady rehetra izay tsy mety mahita ny maha-ivo ny tokantrano amin'ny fanomezana dia tsy hanome vokatra maharitra mihintsy. Miantso ireo ankohonana voasolo-tena sy manatrika eto androany aho mba hampihatra ny fitantanam-piainana any an-tokantrano. Miantso ireo mambran'ny ankohonana tsirairay avy mihaino ahy ankehitriny aho hanomboka hiara-miasa amin'Andriamanitra amin'ny famitana ny iraka fitoriana ny filazantsara amin'izao tontolo izao. Rehefa miara-miasa amin'Andriamanitra ireo ankohonana mandrafitra ny fiangonana dia miditra amin'ny fiaraha-miasa amin'Ilay Tompon'ny iraka ny fiangonana iray manontolo.

ANTSO

Efa hikatona ny varavaram-pahasooavana ary mbola mihazakazaka amin'ny fotoana isika, noho izany dia tokony hanomboka ao an-tokantrano ny fitiavana. Tokony hanomboka ao an-tokantrano ny fitiavana amin'ny endrika fampandrosoam-bahiny. Tokony ho hita ao an-tokantrano ny fitiavana amin'ny endrika hatsaram-panahy. Tokony hipetraka ho ohatra ao an-tokantrano ny fitiavana amin'ny endrika famelan-keloka. Tokony iainana ao an-tokantrano ny fitiavana amin'ny endrika fahatokiana. Tokony aseho ao an-tokantrano ny fitiavana amin'ny endrika fiaianana feno fanoloranta sy fanohanana ny asan'Andriamanitra. Eny, tokony ho hita ao an-tokantrano ny fitiavana amin'ny endrika fiaraha-miasa amin'Andriamanitra amin'ny famitana ny iraka nomena antsika teo amin'ny tendrombohitra Oliva. Ny fanontaniana apetrako aminao dia izao; "Inona no azo lazaina momba ahy sy ianao? Nanomboka tao an-tokantrano ve ny fitiavana sa tsy nahomby tao an-tokantrano ny fitiavana?"

LOHATENY: MANAO NY SOLOMASON'ANDRIAMANITRA

05 Desambra

FAMPIDIRANA:

Tsy mora izany hoe manao ny solomason'olon-kafa izany. Tsy mora ny manao ny kiraron'olon-kafa. Kanefa tsy misy fomba hafa ahafahana mahatsapa ireo fihaikana atrehin'ny hafa na ny toerana misy azy, raha tsy manao ny kirarony na ny solomasonry. Ny anjarantsika androany dia ny hanandrana sy hanao ny solomason'Andriamanitra. Ampiasaina mba ahitana ny solomaso. Eo amin'izay lafiny izay no hanasako anao mpiara-mivavaka, mba hanao ny solomason'Andriamanitra mba ahafahantsika mijery sy manome tombambidiny ny olona sy ny fiainana tahaka ny ataon'Andriamanitra. Tsy hahatakatra ny tokony hametrahana ny tombambidy na ny fahamendrehan'ny fanahy iray mihitsy ny olombelona raha tsy manao ny solomason'Andriamanitra.

1. MIROSO MANAO ZAVATRA ANDRIAMANITRA (Genesisy 3:15)

Taorian'ny nahalavoan'I Adama sy Eva dia tonga nanatona azy ireo tamin'ny teny feno fanantenana Andriamanitra. Fantany fa ny olona iray efa lavo ambany dia tsy mila fanamelohana mba ahafahany mitsangana sy mandeha. Teny feno fanantenana no ilain'ny olona toy izany. Ny olona kivy, ny olona maratra, ny olona izay ao anatin'ny ota dia tsy mila fanamelohana fa fankaherezana mba ahafahany mandoao ny lasa any aoriana sy mitodika eo amin'I Jesosy.

Jesosy no ilay Taranaky ny vehivavy ampanantenaina eto. Io Taranaka nampanantenaina io no hamerina amin'ny laoniny izay noverezin'I Adama sy Eva. Noverezin'izy ireo ny fifandraisana ety sy mivantana tamin'Andriamanitra kanefa afaka ny hifandray mifanatrika Aminy indray ny olombelona noho ilay teny fikasana ny amin'ilay Taranaky ny vehivavy.

Tsy maintsy ho faty io Taranaka io raha ho velona izy ireo. Fotoana ela nialohan'ny nandratrana Azy teo ambony hazon'I Kalvary no efa naneken'I Kristy ny sazin'ny otan'ny olombelona. Io zava-misy io no nahatonga an'I Jaona niantso an'I Jesosy hoe ilay "Zanak'ondry, izay voavono hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao." (Apok. 13:8).

Raha ny tena marina dia ny taranak'I Adama sy Eva rehetra no nomen'Andriamanitra an'io fampanantenana io, dia ny fampanantenana ilay Taranaky ny vehivavy tamin'izy mivady. Tsy mahagaga raha nanambara ny fitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao tamin'I Nikodemosy I Jesosy.

2. HO AN'NY REHETRA NY FITIAVAN'ANDRIAMANITRA (Jaona 3:16)

Hita taratra amin'ireo teny hoe "izao tontolo izao" sy "izay rehetra" ny fitiavan'Andriamanitra ny olona rehetra. Amin'ny alalan'ireo teny hoe "izao tontolo izao" sy "izay rehetra" no hanehoan'Andriamanitra ny velaran'ny zavatra hita ao amin'ny solomasonry. Ny hoe "izao tontolo izao" dia tsy hoe faritra ara-jeografika fotsiny. Mahakasika ny olombelona rehetra izany. Ny hoe "izay rehetra" ihany koa dia maharakotra ny mponina rehetra eto ambonin'ny Planeta Tany ary mihoatra lavitra noho ny fomba fijerintsika voafetra ny fitiavan'Andriamanitra, fomba fijerintsika izay mametra izany amin'ireo olona izay tiantsika ihany, izay ao amin'ny faritra ara-toe-karena misy antsika, ireo izay avy ao amin'ny faritra misy antsika sy mitovy fiaviana amintsika. Ny hoe "izay rehetra" dia tsy mijery ny fiaviana na ny mahalahy na vavy. Ho an'ny olona rehetra, ny sokajim-piaianana rehetra, na nianatra na tsia, na manan-karena na mahantara, na mainty na fotsy, ny Fitavan'Andriamanitra ny taranak'olombelona. Tia na dia ireo izay tsy tia Azy aza Andriamanitra.

Noho izany, ny hoe manao ny solomason'Andriamanitra dia midika hoe mitia na dia ireo olona ivelan'ny faritra mampahazo aina antsika ("zone de confort") aza. Midika hoe mitia ireo olona tsy hanavahana ny fiaviana na ny mahalahy na vavy izany. Midika hoe mitia ireo olona ka mahavita manome, mitia azy ireny ka mamerina ny ampahafolony sy fanatitra mba hamonjena azy ireo, mitia azy ireny ka mamoy ny zavatra rehetra ho azy ireo, mitia azy ka miara-miombon'antoka amin'Andriamanitra amin'ny famitana ny asan'ny fanapariahana ny filazantsara izany, ka ahatonga ny rehetra - isika sy izy ireo - ho voavonjy ao amin'ny Fanjakany.

Ny hoe "izay rehetra" dia tsy hoe mandrefy fotsiny ny maha ho an'ny rehetra ("universalité") ny fitiavan'Andriamanitra, fa mandrefy ihany koa ny fiahian'Andriamanitra ny olona tsirairay. Ny "Izay rehetra mino" dia midika hoe mikendry ny olona tsirairay eo anivon'ny sarababem-bahoaka rehetra ny fitiavan'Andriamanitra. Sady liana amin'ny vahoaka mitamba-be no liana amin'ny olona tsirairay

Andriamanitra. Mahita olombelona tsirairay miaraka amin'ny fihaikana sy fifaliana an'ny tsirairay manokana Andriamanitra, any amin'izay tsy ahitantsika afa-tsy vahoaka mitamba-be. Noho izany, ny manao ny solomason'Andriamanitra dia midika ho fandavana ny hijery ny vahoakan'Andriamanitra ho toy ny vahoaka tsy misy endrika, ary mijery ny olona tsirairay kosa eo imoron'ny nosin'ny fahakiviana sy fitaintainana.

Ao amin'ny Matio 10:29-31 Jesosy dia mametraka tsindrim-peo indray eo amin'ny mahazava-dehibe ny tsirairay eo imason'Andriamanitra. Raha tsy misy tsintsina na dia iray aza latsaka amin'ny tany raha tsy noho ny fanekeny, moa tsy manan-danja lavitra noho izany ve ny olombelona izay noforonina araka ny Endriny? Raha fantatr'Andriamanitra eny fa na dia ny isan'ny volon-dohantsika aza, moa ve tsy porofo izany fa tena liana amin'ny tsirairay Izy? Mba hanamarihana ny tombambidy omeny ny tsirairay, dia nanana fotoana Jesosy hitoriana tamin'ilay vehivavy anankiray teo am-pantsakana (Jaona 4) sy I Nikodemosy tamin'ny alina (Jaona 3). Ny fiaraha-miombon'antoka amin'Andriamanitra amin'ny famitâna ny iraky ny fiangonana dia midika hoe manana fotoana hitoriana amin'ny tsirairay. Tsy ho rakotry ny filazantsaran'ny famonjena mihitsy izao tontolo izao raha tsy voarakotra ny olombelona tsirairay.

Tokony hotiavina ny taranak'olombelona rehetra na iza na iza, na avy aiza na avy aiza fiavany, na manao ahoana na manao ahoana habetsahan'ny ananany. Mila ny fikarakarantsika ny olombelona, na Afrikana na Arabo na Aziatika na Fotsy izy. Mila raharahiantsika izy ireny. Mila ny fikasihantsika koa. Mila voakasiky ny filazantsaran'ny famonjena izy ireny. Izay no izy satria tsy misy voary hafa eto ambonin'ny tany izay azo ampitahaina amin'ny maha-zava-dehibe ny taranak'olombelona.

Hoy ny fanambaran'I Ellen G White ao amin'ny boky *Christ's Object Lessons* (Henoinareo ny Fanoharana), p. 196, "Iza no afaka manombana ny tombambidin'ny fanahy iray? Raha tianao ho fantatra ny sandan'izany dia mankanesa ao Getsemane". Hoy izy ao amin'ny boky *Welfare Ministry*, p. 83, "Revo ao anatin'ny tsy firaharahiana ny tombambidin'ny fanahy anankiray izao tontolo izao; ary ny olombelona fitaovana izay mpandray anjara amin'ny endrik'Andriamanitra dia hitia tahaka ny hitiavan'I Kristy. Hiasa tahaka ny fiasan'I Kristy." Ry Fiangonana, izany no atao hoe manao ny solomason'Andriamanitra.

Mila manao ny solomason'Andriamanitra tahaka ny hoe mbola tsy nanao izany mihitsy teo aloha isika. Midika hoe mitia ny olona tahaka ny hitiavan'Andriamanitra azy izany. Midika hoe mijery ny olona tahaka ny fijeren'Andriamanitra azy izany. Midika hoe manao izay azontsika atao rehetra hanampiana azy hovonjena izany. Raha midika hoe mamangy azy izany, dia aoka ny fiangonana hanatona azy. Raha midika hoe mampita ny hafatra amin'ny alalan'ny fandaharana amin'ny televiziona sy radio izany, dia andeha isika handoa ny vola ilaina amin'izany. Raha midika hoe manao Kaoferansa mba hanatrarana ireo olona ambony eo amin'ny fiaraha-monina izany, dia aoka ny vola holaniana amin'izany.

Farany ry Havana, ny manao ny solomason'Andriamanitra dia midika hoe tsy misy tokony hazonintsika tsy omena an'Andriamanitra ao anatin'ny ezaka ataontsika hamonjena fanahy. Raha tsy niaro ny Zanani-lahitokana Andriamanitra mba hamonjeny antsika, nahoana isika no hihazona ny zavatra sasany tsy omena Azy? Raha miantso fanatitra an-tsitra-po izany, aoka ho feno ny kitapo sy ny vilia fanatazana fanatitra. Raha miantso ampahafolony sy fanatitra izany, aoka tsy hisy ho meloka noho ny fandrobana. Misy olona mila vonjena any, ny fanaovantsika ny solomason'Andriamanitra ihany anefa no ahatonga azy ho voavonjy.

ANTSO

Fanirianao ve ny hanao ny solomason'Andriamanitra mba ahafahanao manomboka mahita zavatra araka ny tokony ho izy tokoa? Te hanao ny solomason'Andriamanitra manao sorona ve hianao? Te hanao ny solomason'Andriamanitra manomea fanomezana ve hianao? Te hanao ny solomason'Andriamanitra mitahy ireo izay ao amin'ny haizina ve hianao? Te hanao ny solomason'Andriamanitra mikasika ny tsirairay ve hianao? Raha fanirianao ny hiara-hiombon'antoka amin'Andriamanitra amin'ny fijerena ny olona araka ny tena maha-izy azy marina - olona sarobidy hiantefan'ny fitiavany, ary nanolorany ny ainy; dia atsangano ny tananao raha hivavaka isika.

MPIARA-MIASA MIARAKA AMIN'NY FIARON'AKANJO SY MOSARA 06 Desambra

Fampidirana

Tsy maintsy miditra ao anatin'ny fanompoana iraisina sy iombonana ve isika vao afaka miara-miasa amin'ny irak'Andriamanitra? Tsia, afaka ny hanome vokatra isika amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona sy fitoriana ny fahamarinana rehefa manao ny asa aman-draharahantsika isanandro. Paoly, ilay misiônera lehibe indrindra tao amin'ny Fiagonana voalohany, dia tsy azontsika lazaina ho mitovy amin'ny evanjelistra matihanina amin'izao vanin'andro izao. Sady mpanao lay matihanina izy no evanjelistra amin'ny fotoana feno. Andeha hodinihintsika ireo lafiny roa amin'ny fiainan'i Paoly ireo: ny fanaovana lay ary ny asa fitoriana.

Fizarana I: Paoly ilay mpanao lay

Lioka dia manao tatitra ny amin'ny dia misiônera fahatelo nataon'ny Apôstôly Paoly ary mampiseho antsika ampahany kely amin'ireo fahagagana nitranga tao Efesosy. Vakintsika ao amin'ny Asa 19:11,12: “*Ary ny tanan'i Paoly no nanaovan'Andriamanitra fahagagana lehibe maro, ka dia ny mosara sy ny fiaron'akanjo teny aminy no nentina hatao amin'ny marary, dia sitrana ny aretiny, ary nivoaka ny fanahy ratsy.*”. Tsy ireo fahagagana no tena ifantohantsika fa ireo fitaovana izay nitondra ny fahagagana: *mosara sy fiaron'akanjo*. Anisan'ireo akanjo fanaon'i Paoly matetika ireo, ary mora azon'ireo mpino. Ireo akanjo ireo dia tena samihafa sy niavaka tamin'ny fiakanjon'ny mpanoradalana, mpitondra fivavahana, raby, mpitory mandehandeha, mpampianatra ary filozofa tamin'izany andro izany. Inona no anjara asa voalohan'ireo akanjo roa ireo? Ny mosara, antsoina hoe *sudaria*, dia nampiasaina hamafana ny hatsembohana tamin'ny tava sy handrina, ary ny fiaron'akanjo, antsoina hoe *semincincta*, dia nanaovan'ireo mpanao asa tanana rehefa miasa izy ireo. Midika izany fa i Paoly dia nanao asa aman-draharaoha tsy tapaka nandrity ny fotoana nitoerany sy nitoriany tany Efesosy. Tahaka izany koa no niseho tamin'ny fitsidihany tany Tesalonika sy Korinto ary toerana hafa.

Misy andininy hafa ao amin'ny Soratra Masina izay manome fanazavana fanampiny ny amin'ny toetoetra'ny asa fanaon'i Paoly. Vakintsika ao amin'ny Asa 18:1-3, “*Ary rehefa afaka izany, dia niala tany Atena Paoly ka nankany Korinto. Ary izy nahita Jiosy anankiray atao hoe Akoila, izay teraka tany Ponto, vao avy tany Italia, ary Prisila vadiny (fa Klaodio efa nandidy ny Jiosy rehetra hiala tany Roma), dia nankeo amin'izy mivady Paoly. Ary satria niray raharaha taminy izy, dia nitoetra tao aminy ka niasa; fa ny manao lay no raharahany.*”. Ny Apôstôly Paoly dia mpanao lay matihanina. Ny teny adika hoe “mpanao lay” matetika dia midika ho olona izay manao asa amin'ny hoditra. Tsy mitovy amin'ny manenona izany. Ny tanan'an'i Silisia, tanàna nahaterahany, dia nalaza noho ireo mpanao asa tanana vita avy amin'ny hoditr'osy. Ny fitaovana nilaina hanatanterahana izany asa izany dia antsy maranitra, fanjaitra mahitsy fandavahana ary fanjaitra miendrika faraingo lehibe iray. Noho izany dia afaka nampiroborobo ny varotra nataony tao amin'ny tanàna maro izy. Amin'ny ankapobeny dia mpivarotra mandehandeha sy ny miaramila tao amin'ny Fanjakana Romana no mpanjifa satria sarotra ny fitadiavana trano ipetrahana tamin'izany andro izany.

Fizarana II: Ilay Misiônera

Maro ireo andininy izay manampy amin'ny fankasitrahana an'i Paoly, ilay mpanao lay matihanina, amin'ny maha-mpitarika misiônera azy. Andeha hijanona ao Efesosy isika. Voasoratra ao amin'ny Asa 19:8-10, “*Ary Paoly niditra tao amin'ny synagoga ka niteny tamin'ny fahasahiana, dia niady*

hevitra telo volana ka nampanaiky ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Fa raha nikiribiby ny sasany ka tsy nanaiky, fa niteny ratsy izany fampianarana izany teo imason'ny olona maro, dia niala tamin'ireo izy nitondra ny mpianatra nitokana, dia niady hevitra isan-andro tao amin'ny trano fampianaran'i Tyrano. Ary naharitra roa taona ngarangidina izany, ka dia nandre ny tenin'ny Tompo izay rehetra nonina tany Asia, na Jiosy na jentilisa". Araka ity andininy ity dia hita fa Paoly, ilay mpanao lay, dia misiônera tsy tapaka. Nitory teny nandritry ny "telo volana" izy ary avy eo nandritry ny "roa taona". Tsy navelany hanakana azy ireo fahasaratana ary nanana fahombiazana tanteraka izy nanerana ny faritra.

Mety hametra-panontaniana ny olona: Ahoana no nampifandanjan'i Paoly ny asa aman-drahahany sy ny asa fitoriany? Niresaka momba ny asany sy ny asa fanompoany nandritry ny fotoana nitoerany tao Efesosy i Paoly nandritry ny favoriana fanaovam-beloma tany Mileto niaraka tamin'ireo loholona tao amin'ny Fiagonana tany Efesosy. Vakintsika voalohany ao amin'ny Asa 20:33,34: "*Fa fantatrareo ihany fa ireto tànako ireto no niasa mba hahazoako sy ny niaraka tamiko izay nilainay.*" Paoly, ilay mpanao lay, dia olona tena nalaza teo amin'ireo mponina tao Efesosy. Niasa tamim-pahazotoana izy mba hahazoany izay zavatra ilain'ny tenany manokana ary hanampiany ny hafa. Raha ny momba ny ministerany kosa dia vakintsika ao amin'ny teniny ihany, ao amin'ny Asa 20:31: "*Koa miambena, ary tsarovy fa telo taona mipaka aho tsy nitsahatra nananatra anareo rehetra andro aman'alina tamin'ny ranomaso.*" "Tsy nitsahatra" izy, nitory teny "andro" aman' "alina" izy. Teo am-panoratana hoan'ireo mpino tao Tesalonika izy dia nampiasa io fomba fiteny "*andro aman'alina*" io fanamarihana ny asany amin'ny maha-mpanao lay azy (2 Tesaloniana 3:8). Ahoana no hampihavanantsika ireo zava-misy roa ireo: mitory teny "*andro aman'alina*" ary miasa "*andro aman'alina*"? Ny hany fanazavana tokana dia rehefa niasa tao amin'ny toeram-piasany izy dia sady nizara ny vaovao mahafaly. Avy eo, mandritry ny fotoana fatoriana Mediteraneana, izany hoe ny ora antenantenan'ny andro fakan'aina, dia nandeha tany amin'ny toeram-panaovana lahateny tany *Tyrannus* niaraka tamin'ny akanjo fiasany izy ary nanao lahateny manokana. Mety hoe rehefa napetrany ny mosarany sy ny fiarovan'akanjony nandritr'ireo fifanakalozan-kevitra dia nisy olona sasany naka izany ary nandeha nanao fahagagana sy fanasitranana. Ny Apôstôly Paoly dia sady mpanao lay matihanina no Misiônera amin'ny fotoana feno.

Nanoratra momba ny fifandanjana tanteraka teo amin'i Paoly ilay misiônera sy Paoly ilay mpanao lay i Ellen White: "*Ni fandray tamin'ilay Mpampianatra Lehibe izy raha niara-niasa tamin'i Akoila, tsy nisy fotoana very fa njoro ho vavolombelon'ny Mpamiony mandrakariva, ary nanampy ireo izay*

nila fanampiana ... Nomeny toromarika momba ny zavatra ara-panahy ny mpiara-miasa taminy, ary nametraka ohatra ny amin'ny fiasana sy fahamalinana ihany koa izy ... Teo amin'ny asa varotra nataony dia nifandray tamin'ny sarangan'olona izay mety tsy ho tratrany mihitsy raha tsy nanao izany ilay apôstôly" (*Vavolombelona Mahery*). Ny tanjona faratampon'ny fiainan'i Paoly dia ny hitory ny vaovao mahafaly momba an'i Jesosy Kristy. Ny fanatanterahany ny asa fivelomany dia nahatonga fahafahana iray hafa hanatanterahany izany tanjona izany ihany. Tsy nisy fahasamihafana teo amin'i Paoly ilay mpanao lay matihanina sy i Paoly ilay misiônera. Ho azy dia ny fijoroana ho vavolombelon'i Jesosy no zava-drehetra.

Paoly dia toa izay lazantsika amin'izao fotoana izao hoe misiônera mianto-tena. Kanefa, tsy nandà ny fahamarinana teôlôjikan'ny fandraisam-bola amin'ny asa fanompoana ny Fiagonana izy. Nanoratra izy tao amin'ny 1 Korintiana 9:13,14: "*Tsy fantarareo va fa izay manompo amin'ny zavatra masina dia mihinana ny zavatry ny tempoly, ary izay manompo eo amin'ny alitara dia miombona amin'ny alitara? Toy izany koa no nandidian'ny Tompo, fa izay mitory ny filazantsara dia hahazo fivelomana amin'ny filazantsara*". Ho azy manokana dia tsy nampiasa "*izany fahefana izany*" (1 Kor. 9:12) na "*izany zavatra izany*" (1 Cor. 9:15). Nitoky teny "*tsy misy fandoavam-bola*" izy (1 Kor. 9:18).

Fizarana III: Tombotsoan'ny fiantohan-tena

Inona ireo tombotsoa azo avy amin'ny maha-misiônera mianto-tena? Nanazava ny safidiny ny Apôstôly Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 9:12b, "*Kanefa tsy nanampatra izany fahefana izany izahay, fa mihafy amin'ny zavatra rehetra, fandrao hisakana ny filazantsaran'i Kristy.*" Ny matoanteny "egkopé", "nisakana", dia midika ara-bakiteny hoe "manapaka". Nieritreritra voalohany momba ny fampandrosoana sy fampivelarana ny filazantsaran'i Kristy i Paoly. Raha ny fijeriny dia mety hisakana azy tsy hiroso sy handroso haingana kokoa amin'ny iraka nampanao vin'Andriamanitra ny fiankinana amin'ny fanampiana ara-bola avy any ivelany. Afaka mamantatra sakana roa mety nitranga taminy isika raha nanao misiônera andoavam-bola izy:

Fitsarana an-tendrony. Nisy olona sasany niampanga an'i Paoly ho nitoky ahazoany tombotsoa manokana. Niaro-tena i Paoly ary nanambara fa, "*Tsy mba naniry volafotsy na volamena na lamban'olona aho*" (Asa 20:33). Tamin'ny alalan'ny fiasany hoan'ny tenany dia tsy navelany hisy olona afaka hilaza fa nitoky ny filazantsara mba hampanankarena ny tenany izy. Izany toe-tsaina izany dia mifanaraka amin'izay voasoratra ao amin'ny 2 Korintiana 6:3, "*fa tsy manao izay mahatafintohina izahay na amin'inona na amin'inona, mba tsy homen-tsiny ny fanompoana*". Ellen White dia naneho

hevitra momba ny toeran'i Paul: “*Azony natao ara-drariny tsara ny mitaky fanohanana avy amin'ireo mpihaino azy tao Korinto; kanefa vonona ny hamela izany zo izany izy, sao dia voaratran'ny ahiahy tsy ara-drariny amin'ny hoe mitory ny filazan-tsara ahazoany tombony ny ilàna azy sy ny fahombiazany amin'ny maha-mpitandrina azy*” (*Vavolombelona Mahery*).

Asa mandany vola ny iraka fitoriana. Indraindray i Paoly dia nahazo fanampiana avy tamin'ireo fiangonana tany Makedonia sy ny fiangonana tany Tesalonika. Na izany aza dia mety tsy ho vitany mihitsy ny hanatanteraka ireny dia misiônera lava ireny raha niankina tamin'ireny fanohanana tsindraindray ireny fotsiny izy. Tsy dia nisy loatra ny fananan'ny Fiagonana tany am-piandohana ary nitaky vola betsaka ny ezaka misiônera lehibe nataon'i Paoly. Tsy maintsy nanohana ny mpikambana tao amin'ny ekipa misiônerany ihany koa izy. Nanafaka ny tenany tamin'ny faneriterena vokatry ny tsy fisiam-bola tao amin'ny fiangonana izy tamin'ny alalan'ny fitadiavany ny vola hoan'ny iraka. Manao ahoana ny faharisihantsika hamapandroso ny asan'Andriamanitra rehefa sarotra hita na tsy misy ny fanohanana ara-bola avy any ivelany?

Ellen White dia midera ny fanatrehan'i Paoly amin'ny asa fanompoana: “Nametraka ohatra manohitra ny fihetseham-po sy ny fitadiavana fahefana ao amin'ny fiangonana i Paoly, amin'izay dia ireo izay afaka tanteraka tamin'ny filàna ny zavatra ara-materialy ihany no hitory ny filazantsara amimpahombiazana”. Tsy midika ho fienan'ny vokatraomena ny hoe manao misiônera mianto-tena. Tena nanoso-kevitra ny fomba fiasa "fanaovan-day" i Ellen White ho fampivelarana ny asa any Etazonia sy ny iraka manerana izao tontolo izao: “*Ny fiangona iray manontolo dia mila senon'ny fanahy misiônera; amin'izay dia ho maro ireo izay hiasa tsy misy fitiavan-tena, amin'ny fomba maro samy hafa araka izay azo atao, tsy misy karama*” (*The Southern Work*, pejy 17). “Maro amin'ireo asa no tokony hatao amin'ny alalan'ny fiantohan-tena. Miha-betsaka ny zavatra tokony atao anaty fe-potoana kely raha miandry hirahina sy andoavam-bola amin'ny asany ireo olona” (*An Appeal to Seventh-day Adventists to fulfil their duty to the South*, pejy 12).

Fizarana IV: Fivadihana ho misiônera mianto-tena

Ahoana no hanazavantsika izany fanoloran-tena sy fiasana mafy rehetra izany nefá manantena karama na tombony ara-bola? Navelan'i Paoly ho ny iraka mihitsy aza no mamolavola ny fandehan'ny asany. *Nifindra toerana izy isaky ny misy ny fahafahana amin'ny iraka; tsy ny asa amandrahahaha no nampifindra toerana azy*. Nisy toe-tsaina fandavan-tena sy fitiavana tsy misy fepetra ho an'ireo fanahy very tao anatiny.

Andeha hohenointsika ny tenin'i Paoly momba ny hery manosika tao ambadiky ny ministerany mianto-tena. Vakintsika ao amin'ny 1 Korintiana 9:16-18, “*Fa raha mitory ny filazantsara aho, dia tsy misy ho reharehako, satria tsy maintsy manao izany; fa lozako, raha tsy mitory ny filazantsara aho!* *Fa raha ny sitrapoko no anaovako izany, dia mahazo valim-pitia aho; fa raha tsy sitrapoko, dia natolotra ahy ho andraikitro izany.* *Inona ary no valim-pitia azoko?* *Dia izao: Raha mitory ny filazantsara aho, dia tsy asiako fandoavam-bola ny filazantsara, mba tsy hanampatra ny fahefako amin'ny filazantsara*”.

Manome antony roa amin'ny fihetsiny izy: “*satria tsy maintsy manao izany*” ary “*valim-pitia*”. “*Satria tsy maintsy manao izany*” dia midika hoe “*eo ambany fanindriana*, “voatery”. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia tsy afaka niala tamin'ny adidin'ny fitoriana izy. Ao amin'ny taratasiny hoan'ny fiangonana any Roma dia milaza izy fa “*ananan'ny Grika sy ny firenena hafa rehetra, ny hendry sy ny tsy hendry, trosa aho.*” Niaiky izy fa manana tempozay manana trosa aminy. Ny teny ao amin'ny 2 Korintiana 5:14 dia milaza izany hevitra momba ny hoe voatery izany ihany. Eto izy dia mamaritra mazava tsara ny loharanon'izany fanerena izany, “*Fa ny fitiavan'i Kristy no manery anay*”. Nanandrana ny fitiavana'ilay Mpamony nohomboana tamin'ny hazo fijaliana sy nitsangana tamin'ny maty izy. Tsy mendrika ny maha-izy azy vaovao sy ny antsony izy; vokatry ny fahasoavan'Andriamanitra ireny. Izany no antony nanosika azy tsy hitsahatra hitory teny “*andro aman'alina*”, na dia teo am-panaovana ny asa aman-draharaha fivelomany aza izy.

Kanefa, tian'i Paoly hihoatra ny antson'ny adidy sy andraikitra ny asany. Ny mitory teny dia fanatanterahany ny adidiny, ny fizarana ny filazantsara maimaimpoana sy tsy itakiana vola, sy fandavana izay mety ho tombony rehetra kosa, dia fihoarana izany adidy izany. Izany no valisoa sy tombotsoa izay tsy hohafozimy mihitsy. Fitantanam-piainana mahery izany; mihoatra ny antson'ny adidy.

Famaranana

Manana asa fivelomana ny ankamaroantsika. Vitsy kosa ireo izay antsoina handao ny asany ary hiditra amin'ny asa fanompoana ny fiangonana. Na izany aza, isika tsirairay avy dia vokatry ny fitiavan'ny Ray tsy manam-petra. Ho valin'izany dia manohana ny irak'Andriamanitra farany isika amin'ny alalan'ny famerenana ny ampahafolony, fanolorana fanatitra sy fanomezana ary manolotra ny tenantsika rehefa tapitra ny ora fiasana. Deraina Andriamanitra satria maro ireo izay efa miaina amin'ny maha-mpitantana mahatoky azy. Kanefa, nametraka ohatra amin'ny fiaraha-miasa matanjaka hoan'ireo mpino ao amin'ny iraka nomen'Andriamanitra i Paoly - sady misionera amin'ny fotoana

feno no mpiasa amin'ny fotoana feno ihany koa. Miantso antsika hanao zavatra lehibe kokoa, mihoatra ny antson'ny adidy ve Andriamanitra? Maninona moa raha mba manao misiônera miaraka amin'ny fiaron'akanjo sy mosara?

Aniel Barbe
SID, Fitantanam-piaianana Kristianina

Fandalinana

- Ahoana no ahafahan'ny modely misiônera napetrak'i Paly hanampy antsika amin'ny fiatrehana ny olan'ny fitadiavam-potoana aorian'ny ora fiasana hijoroana vavolombelona?
- Amin'ny fomba ahoana no hahafahan'ny asantsika ho lasa sehatry ny fanompoana sy fitoriana?
- Mitadiava ohatra amin'ny zavatra lehibe sy mavesa-danja hafa izay mety angatahin'Andriamanitra hataontsika hampandrosoana ny asany.

IZA NO MAHALALA HOE MANDRA-PAHOVIANA? 07 Desambra

Tranga manana ny lanjany lehibe no miseho manodidina antsika. Tranga maro tsy heverintsika hitranga amin'izao androntsika izao no matoa-daha-tsoratry ny gazety sady tena miharihary tsy takona hafenina. Anisan'ireny tranga ireny ny faharavan'ny Firaiana Sovietika nefo tsy nisy poa-basy akory, ny fiovaovan'ny toet'andro izay miafara amin'ny tsy fahampian-tsakafo eo anivon'ny tokantrano maro, ny tondra-drano ateraky ny oram-batravatra mivatravatra, ny fiakaran'ny ahavon'ny ranomasina izay mandrahona ny fainan'ny mponina monina amin'ny nosy maro maneran-tany. Misy tranga mampitolagaga iray hafa ihany koa, izay niseho tamin'ny 4 Novambra 2008, dia ny nahalaniana mainty hoditra ho filoham-pirenena firenena matanjaka indrindra eto an-tany - Etazonia. Maro amin'ireo vahoaka mainty hoditra (Afrikana-Amerikana) no nandatsaka ranomasom-pifaliana, satria araka ny filazan'izy ireo dia zavatra tsy azo heverina hitranga amin'ny androm-piaianany izy ireo ny toy izany.

Ry namako malala, mety misy zavatra hafa izay heverintsika tsy hitranga eo amin'ny fainantsika ve? Henoy izay nambaran'ny mpanompovavin'ny Tompo:

“Ireo andrianan’ny ratsy dia manambatra sy manamafy ny heriny. Manatanjaka ny tenany ho amin’ilay krizy lehibe indrindra farany izy ireo. Fiovana lehibe no hitranga tsy ho ela eto amin’izao tontolo misy antsika izao, ary ireo hetsika farany dia ho amin’ny fahafainganana tanteraka.” (*Testimonies for the Church*, Boky faha-9, pejy 11).

Satria tsy fantatsika ny halavan’ny fotoana mialoha ny hiverenan’ny Tompontsika, dia manoro hevitra anao aho, fa ny fomba faina izay tokony iainantsika ankehitriny dia ny fiaraha-miombon’antoka amin’Andriamanitra.

1. Mpiara-miombon'antoka amin'Andriamanitra Ankehitriny (Mpitoriteny 10:9)

Izay hangatahantsika andro ho amin'ny ampitso dia mety tsy ho vita na oviana na oviana, satria mety tsy ho velona hahita ny ampitso isika, na koa mety tsy hamela antsika hanatanteraka ny asa tokony natao androany ny ampitso. Ny fangatahana andro dia tsy tokony haka fanahy antsika, ary tsy tokony hilaozantsika nefà tsy vita ny asa tokony novitaina izao ankehitriny izao. Mety mitondra fanantenana ny zava-misy ankehitriny, kanefa izany fanantenana izany dia mety ho voafafan'ny fiovan'ny tontolo iainana sy ireo toe-java-mitranga.

Ny fitoriana ny filazantsara dia tokony ho asa aman-drahahaha ankehitriny, satria ny fangatahan'andro dia mety hampikatona ny fahavononan'ny olona iray, na ireo toe-javatra mitranga dia tsy hamela azy handray ny hafatra intsony. Ny olona hataantsika tsinontsinona ny fitoriana aminy androany dia mety tsy ho azontsika hitoriana intsony rahampitso.

Ny adidintsika amin'Andriamanitra sy ny mpiara-belona amintsika dia tsy azo avela ho amin'ny andro iray hafa. Tsy ampoizina ny fainana. Velona isika izao, saingy mety ho faty ao anatin'ny segondra vitsy monja. Izay tsy ataantsika ho an'Andriamanitra androany dia mety tsy hataantsika ho Azy intsony rahampitso na amin'ny volana manaraka. Ny zavatra tsy vitantsika ho an'ny vadintsika androany dia mety tsy hataantsika ho azy ireny intsony rahampitso, satria ny fahafatesana dia mety hanafotra azy ireny noho ny fahatapahan'ny lalan-dra, ny fiakaran'ny tosi-drà, ny aretim-po na ny lozam-pifamoivoizana mafy. Ireo rehetra ireo dia tonga nefà tsy mampilaza.

2. Aoka ho Vonona amin'ny Fotoana Rehetra (Matio 24:43-44)

Toa miharihary fa fehezin'ny fotoana ny olombelona. Toa hita ho miasa tsara noho ny faneriterena isika. Tsy manomboka ny fiomanana ho amin'ny Sabata amin'ny andro Alahady isika, fa miandry amin'ny 4ora hariva ny Zoma; ary eo dia tiantsika ny haneho amin'ny rehetra fa akaiky ny Sabata. Ny tantsaha sasany dia mipetraka tsy manao na inona na inona toy ny efa niova asa, mandrapahitân'izy ireo ny fiaian'ny oram-batravatra. Ny mpianatra sasany dia manao ankilabao ny fianarany mandra-pisehon'ny fandaharam-potoanan'ny fanadinana eo amin'ny tabilao fapahafantarana, ka tampoka eo dia hita miaraka amin'ny antontam-boky maro be izy ireo, hany ka mampatahotra azy ireo na dia ny tenany aza. Ny kristiana sasany dia tsy mivavaka raha tsy efa mbý eo an-koditr'izy ireo ny aretina. Ny mpivady sasany dia tsy mitia ny vadiny raha tsy efa mangatsiaka mitsitra ao anaty vatam-paty ny vadiny. Henatra manao ahoana ho an'ny mpivady re ny miandry ny andron'ny mpifankatia vao haneho fitiavana ny vadiny e! Ny olona sasany dia tsy milhevitra ny momba an'Andriamanitra raha tsy efa marary, na mitotongana ny asany, na tapitra ny vola fisotroandrononony na rava ny fiaianam-panambadiany!

Amin'ny toe-javatra sasantsasany dia mbola mety ny toy izany, saingy tsy mety kosa amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Ny fiandrasana mandra-pandre ny feon'ny trompetra dia mahafaty. Tsy maintsy iainantsika ny andro tsirairay toy ny hoe tsy manana andro hafa hiainana intsony isika. Ny zavatra tokony ho nataantsika raha fantatsika ny fotoana hahafatesantsika no tokony hifantohantsika androany. Tsy misy na dia iray aza afaka maminavina hoe afaka hafiriana no ho tanteraka ireo faminaniana mbola tsy tanteraka. Mety haharitra an-taonany maro izany, kanefa ny sasany amin'izy ireny dia mety ho tanteraka ihany koa ao anatin'ny andro, herinandro na volana vitsivitsy. Ny antso mba ho vonona dia ho an'ny olona rehetra izay mbola velon'aina, ka izany no antony tokony ny hitoriana ity hafatra ity amin'ny olombelona tsirairay.

Ahoana anefa no hahavonona ireo afrikana safotry ny fivavahana nentim-paharazana, raha tsy miaramiombon'antoka amin'Andriamanitra amin'ny fitoriana ny vaovao mahafaly amin'izy ireny isika? Ahoana no fomba hahafahan'ny olona manana ny toe-tsain'izao tontolo izao hankasitraka ny fanovana hataon'i Jesosy eo amin'ny fiaianan'ny olona iray raha toa ka tsy misy kristiana mitory izany

amin? Raha mino isika fa izao tontolo izao dia tokony ho vonona amin'ny fiverenan'i Jesosy, dia tokony hilanja ny vesatry ny maha mpiara-miombon'antoka amin'Andriamanitra ny mambry ny fiangonana tsirairay mba hahatonga izany ho tena zava-misy marina.

3. Miharia harena any an-danitra (Matio 6:19-21)

Amin'ny fihariansika harena any an-danitra no hahadodona antsika ny ho any. Ny fanolorana hampandrosoana ny asa eto an-tany, ny fikarakarana ny mahatran, ny famerenana ny ampahafolony sy ny fanatitra dia samy fomba hihariana harena any an-danitra avokoa.

Ny fametrahana harena any an-danitra dia hahatonga toe-panahy ambony eo amin'ny toetra; hanamafy ny fahalalan-tanana, hamporisika ho amin'ny famindram-po; mampitombo ny fangoraham-po, ny fifankatiavan'ny mpiralahaly ary ny fiantrana. Hampikambana ny fanahin'ny olona amin'i Kristy, amin'ny rohy izay tsy ho tapaka mihitsy izany. Afaka mihary harena ho an'ny tenanao any an-danitra ianao amin'ny fananana harena amin'ny asa tsara—harena tsy mety lo sady araka ny fanahy (Our High Calling, pejy 195).

Na dia betsaka aza ny fahafahana mampiasa vola amin'ny orinasa maro, izay tsy misy maha-ratsy azy, dia tsy tokony hohadinoitsika na oviana na oviana ny toerana tian'Andriamanitra hametrahantsika ny harenantsika.

Aoka ireo izay nanao fanekeha hanatanteraka ny asan'Andriamanitra tsy hivadika amin'ny voady efa nataony, ary tsy hihazona izay tokony ho nomeny. Ireo izay nandray teo amin'ny tenany ny andraikitra hiala amin'ny voady nataony tamin'Andriamanitra, dia manaiky ny tsy hiraharaha ny fanadinana azy ireny amin'ny andro farany. Ny toro-hevity ny olona amin'izao fotoana izao izay milaza fa tsy tokony ho amin'ny asan'Andriamanitra no hampiasana ny fananana fa any amin'ny orinasa hafa dia tokony hialana, satria ny Tompo dia milaza aminao manao hoe: "miharia harena ho anao any an-danitra." "Ampiasao ny fanananao hampandrosoana ny Asako, hanokafana sahan'asa vaovao, hamirapiratan'ny fahazavan'ny fahamarinana ankehitriny amin'ny faritra rehetra maneran-tany." (*The Upward Look*, pejy 92)

ANTSO

Amin'ny inona no hampiasanao ny volanao? Amin'ny fananganana fotodrafitr'asa ve, fividianana anjara amin'ny orinasa mahaso, sa fanabeazana tsy misy fiheverana ny tena zava-dehibe indrindra? Isika rehetra dia tokony hanao drafitra hampiasa vola amin'izay tena manan-danja indrindra—ny lanitra. Tsy misy mahalala hoe afaka hafiriana no hikatona ny fahalalahana ka tsy hahafahana manatanteraka asa fitoriana intsony. Ireo hetsika farany dia ho amin'ny fahafainganana tanteraka, koa nahoana raha tsy manafaingana ny zavatra ataonao koa hianao? Nahoana raha miara-miombon'antoka amin'Andriamanitra amin'ny famitana ny iraka amin'ny fampiasana vola ho famonjena lehilahy sy vehivavy, tovolahy sy tovovavy? Nahoana raha miara-miombon'antoka amin'Andriamanitra dieny izao, andrao ho tara loatra ny hanaovana izany? Nahoana raha miara-miombon'antoka amin'Andriamanitra amin'ny fiantsoana ny olona hatraiza hatraiza mba ho vonona? Ry rahalahy sy anabavy malala, fotoana izao hiharahana miombon'antoka amin'Andriamanitra amin'ny famitana ity asa ity satria mijaly isika, ary ampy izay. Efa nisaona isika ary ampy izay. Nandevina ny hava-malalantsika isika, ary ampy izay. Niaritra fanaintainana isika, ary ampy izay. Faniriantsika ve ny hihara-miombon'antoka amin'Andriamanitra amin'ny famitana ny asa amin'ny famerenana an-kahalalahana ny ampahafolony sy ny fanatitra? Raha fanirianao izany dia mitsangana miaraka amiko fa hivavaka isika.

**MPIARA-MIOMBON'ANTOKA AMIN'NY ALALAN'IREE FANANANTSIIKA
MANOKANA
ZOMA 08 DESAMBRA**

Fampidirana

Tena ilain'Andriamanitra ho mpiara-miombon'antoka Aminy ve isika? Tena manan-danja io fanontaniana io, rehefa fantatsika fa ny Andriamaniry ny Baiboly dia manana ny hery rehetra, manerana ny erana rehetra ary mahay ny zavatra rehetra. Eny, manambara ny Tenany ho Tompon'ny zavatra rehetra Izy (Salamo 24:1-2). Manao ahoana ny lanjan'ny dinidinika mikasika ny fiaraha-miombon'antoka amin'ny iraka nomen'Andriamanitra? Ny Lioka 8:1-3 dia manome fanazavana mikasika io fanontanantsika io: *"Ary taoriana kelin'izany, dia lasa Jesosy nitety ny tanàna sy ny vohitra nitory ny filazantsaran'ny fanjakan'Andriamanitra; ary ny roa ambin'ny folo lahy nanaraka Azy mbamin'ny vehivavy sasany, izay nositrainy tamin'ny fanahy ratsy sy ny aretina, dia Maria atao hoe Magdalena, izay esa nivoahan'ny demonia fito, sy Johana, vadim'i Koza, mpitandrina ny fananan'i Heroda, ary Sosana mbamin'ny maro hafa koa, izay nanompo Azy tamin'ny fananany.*

Araka ny voambara amin'io andalan-teny io dia niara-niombon'antoka tamin'ny 12 lahy Jesosy, sady niantehitra tamin'ny fiombonan'antoka tamin'ny vehivavy sasany ihany koa. Hianatra misimisy kokoa mikasika ny toetran'ity fiaraha-miombon'antoka manokana ity isika.

(Vavaka)

Fizarana I: Fivelaran'ny Iraka

Ny Lioka 8:1-3 dia mijoro ho fampidirana fizarana lehibe iray tamin'ny asa fanompoana nataon'i Jesosy teto an-tany - ny diany fahatelo tany Galilia. Io vanim-potoana io dia maneho ny ampahany farany amin'ny iraka nataon'i Jesosy mialoha ny handehanany any Jerosalema hosamborina sy hovonoina. Ny filazantsara nosoratan'i Lioka dia mamarana io fizarana io ao amin'ny Lioka 9:51, izay voasoratra manao hoe: "Ary rehefa ho tonga ny fotoana hampiakarana an'i Jesosy, dia niatrika hankany Jerosalema Izy." Ity ampahany amin'ny asa fanompoana nataony ity dia manan-karena fampianarana ombam-panehoana miharihary ny hery sy ny fivelaran'ny iraka.

Nandritra ny diany tany Galilia dia nanomboka nampiasa fanoharana Jesosy mba hampahazava bebe kokoa ireo fampianarana nataony tamin'ireo mpanara-dia Azy. Ny fanoharana lehibe iray izay nampianariny dia ny fanoharana ny amin'ny mpamafy. Nampianatra momba ny hoe: "iza no lehibe indrindra" ihany koa Izy, sady nampitandrina ny amin'ny fitokotokoana. Niresaka mazava momba ny fahafatesany sy ny fitsanganany amin'ny maty Izy. Fanandramana goavana iray ihany koa ny fiovan-tarehy, izay nanehoany bebe kokoa tamin'ny mpianatra ny ho avy, ka nanomezany azy ireo topi-maso ny amin'ny fiaviany fanindroany am-boninahitra.

Nandritra io diany io Jesosy dia nanana tombotsoa naneho ny Heriny izay mifehy ny natiara, tamin'ny fampitoniana ny tafio-drivotra sy ny nitsangatsanganany teo ambony rano. Naneho fangoraham-po sy hery manasitrana Izy tamin'ny fanasitranany ny zanakavavin'i Jaïro sy ilay vehivavy narary nandeha rà nandritra ny roa ambinifolo taona. Namoky vahoaka betsaka Izy, lehilahy 5 000 miampy vehivavy sy ankizy, izay azo antoka fa nihinana bebe kokoa noho ireo lehilahy ireo satria nihatra ny isan'izy ireo ny isany! Ity diany ity dia nanjary sehatra nanehoan'i Jesosy ny Tenany ho ilay Iray manana ny hery rehetra.

Io vanim-potoana io ihany koa dia nanamarika fandrosoana lehibe teo amin'ny iraka. Nanatsara ny fanofanany ihany koa Jesosy, tamin'ny nanirahany ireo roa ambinifolo lahy handeha irery voalohany. Nitsidika ireo faritanin'ny Jentilisa teny ivelan'ny sisin-tany Israely ihany koa Izy. Nitsidika toerana

maro toa an'i Tyro, Sidona, Betsaida, ary Dekapolisy Izy. Nandeha nianavaratra hatrany Kaisaria-filipo Izy. Teo ivelan'i Tyro kosa dia namerina ny fahagagana fampitomboana mofo sady namoky lehilahy 4 000 Izy, ka nampahafantatra ny Tenany ho ilay Mofon'aina ho an'ny firenena rehetra. Nomarihan'i Jesosy mazava ny foto-kevitry ny iraka manerana izao tontolo izao. Tena vanim-potoana niavaka tamin'ny asa fanompoana nataony teto an-tany io vanim-potoana io, fotoana izay nivelaran'ny iraka. Ahoana loatra no fomba nanatanterahany izany?

Ao amin'ny fampidirany ny filazantsara nosoratany, Lioka dia nanokana fotoana hampahafantarana ny mpamaky mikasika ireo fahafaha-manao ilaina ho amin'ny fitoriana ny vaovao mahafaly momba ny fanjakan'Andriamanitra avy amin'ny tanàna iray mankamin'ny iray hafa (Lioka 8:1-3). Mahaliana fa ireo fahafaha-manao dia azo avy amin'ny fanohanana tany ivelany, tamin'ny alalan'ny fiaraha-miombon'antoka hita teo amin'ireo vehivavy sasany. Ireo vehivavy ireo dia nandray anjara lehibe tamin'ny fanohanana an'i Jesosy sy ireo mpiara-dia misionera Aminy. Jesosy, ilay Andriamanitra manana ny hery rehetra dia niankina tamin'ny olombelona sy vehivavy vitsivitsy ho fanatanterahana ny iraka izay nataony. Fifanoherana mahavariana izany.

Rehefa mianatra ny faminaniana ara-baiboly isika, dia mahita fa ny asan'Andriamanitra ho an'ny planeta tany dia miditra amin'ny dingana farany. Fotoana handrosoana sy handehanana haingana izao. Hananantsika ve ny fahafaha-manao ilaina hanohanana izany fivelaran'ny asa izany? Mizara hevitra mikasika ny fomba fihevitr'Andriamanitra i Ellen White: "*Tsy novalavolain'Andriamanitra ho simba noho tsy fahampian'ny fahafaha-manao ny Asany.*" Moa ve ny fiangonana, ny fiangonanao mahatsapa fa ampy ny fahafaha-manao hanatanterahana ny iraka farany nomen'Andriamanitra?

Fizarana II: Ny Fandraisan'anjaran'ireo Vehivavy

Noheverin'i Lioka tsara ny hanambara ny fomba nanoloran'ireto vehivavy ireto ny fananany ho fanohanana ilay dia fahatelo tany Galilia mba hahatonga izany ho tena zava-misy marina sady feno fahombiazana. Izao no vakiantsika ao amin'ny Lioka 8:3b "*izay nanompo Azy tamin'ny fananany.*" Mampiasa teny roa izy: "*nanompo*" sy "*fananany*."

Ny teny grika hoe διηκόνουν (diekonoun) dia manana heviny roa. Manondro ny asa fanompoana natao sy ny fanohanana ara-bola izany. Ny tontolo-kevitra eto dia mifandray amin'ireo hevitra roa ireo. Indro Mpitoriteny iray mitety faritany miaraka amin'ny mpianatra roa ambinifolo izay tena nanana filana manokana: ny fanasana sy ny fanamboarana ny fitafiana, ny fanomanana ny sakafo sy ny sisa. Nandao ny toerana fivarotany fanaka i Jesosy; ireo mpanara-dia Azy dia nandao ny sambony sy ny haratony, ary ny trano famorian-ketra, ka noho izany dia nila fanohanana ara-bola izy ireo

hivelomany. Nanome ny fanohanana ilaina ireo vehivavy ireo. Tsy tokony hanamaivana ny tombambidin'ny vola sy fanohanana ara-materialy isika. Ireo zavatra mahazatra andavanandro dia tena ilaina hampandrosoana ny vaovao mahafaly; ireny no kodiarana mampiodina ny iraka.

Nampiasa “ny fananany manokana” ireo vehivavy ireo. Karazana “fananana manokana” inona no tian’i Lioka ho resahina? Rehefa nanompo tamin’ny asa izy ireo dia nataony araka ny fahafahany izany, sady tsotra no saro-pantarina. Ny “fananana” ihany koa dia maneho ny fahafahana ara-bola. Mety ho vola kely am-paosy na vola notehirizina izany. Ny teny hoe “fananana” (amin’ny teny grika “ὑπαρχόντων” na “Uparchonton”) ihany koa dia mandray ny hevity ny fananana, harena azo tsapain-tànanana izay manana ny tombam-bidiny. Azo heverina fa nivarotra ny fananany ireo vehivavy ireo hanohanana an’i Jesosy sy ny mpianatra. Nanomboka fahazarana iray, izay nanjary niainan’ny fiangonana voalohany taty aorina izy ireo – nivarotra fananana ary nitondra ny vidiny hanohanana ny iraka nomen’Andriamanitra.

Vehivavy maro amin’ny taranaka mifandimby no hita fa maniry hividy zavatra manan-danja ho an’ny tenan’izy ireo manokana. Ireto vehivavy ireto dia azo antoka fa tsy hoe tsy sahala amin’izy ireny. Na izany aza, dia naneho toe-panahy feno fahafoizan-tena izy ireo. Mazàna dia maika mangataka any amin’ny Federasiona, any amin’ny Fivondronambe, na any amin’ny olona manam-bola isika hahazoana manohana ny iraka; ireto vehivavy ireto kosa dia nampiasa ny fananany manokana. Manome toro-hevitra tsotra i Ellen White manao hoe: *“Ny tsirairay dia tokony hihazona vata misionera eny an-tànany, ka hampiditra ao anatiny ny vola izay toa maka fanahy azy ho laniana araka ny sitrapon’ny tenany”* (Counsels on Stewardship, pejy 290). Manana vata misionera, vata sarihina misionera, kitapom-bola misionera na kaonty misionera any amin’ny banky ve isika? Tena manadanja izany raha tiantsika ny hoheverina ho isan’ireo mpanohana an’i Jesosy amin’ny fananany manokana.

Fizarana Fahatelo: Ireo Hery Manosika

Inona ireo antony nanosika, ka nitarika ireo vehivavy ireo hanohana an’i Jesosy sy ny mpianatra tamin’ny fananan’izy ireo manokana? Misy antony telo nahatonga izany: ny iray dia ny fihetseham-po ara-tsosialy, ary ny roa kosa dia hita ao amin’ny lahatsoratra.

Iaraha-mahalala fa mpikarakara sy mpanome ara-boajanahary ny vehivavy. Ny fikarohana nataon’ny Ivon-toerana Mikatsaka ny Mahatsara ny Vehivavy ao amin’ny Foiben’ny Oniversite Indiana dia manamafy fa ny vehivavy dia malala-tànanana noho ny lehilahy amin’ny fanomezana fanampiana. Izany

dia afaka manazava amin'ny ampahany ny fanolorana nataon'ireo vehivavy ho fanohanana an'i Jesosy sy ireo mpianatra roa ambinifolo.

Araka ny mahazatra, ireo antso amin'ny fanohanana ara-bola sy fandraisan'andraikitra amin'ny fitantanam-piainana kristiana dia miantefa amin'ny lehilahy, izay heverina fa loharanom-bola sady mazàna mampidim-bola bebe kokoa. Ireo voka-pikarohana mikasika ny fahalalahantànan'ny vehivavy anefa dia nitarika ireo mpanangom-bola sy mpanabe amin'ny fitantanam-piainana kristiana hanatratra ankitsirano io ampanhan'ny fiangonana io - dia ny vehivavy. Amin'izao fotoana izao dia azontsika atao ny midera an'Andriamanitra noho ireo vehivavy maro izay manome am-pitiavana avy amin'ny fananan'izy ireo manokana, sy ireo vehivavy maro hafa izay mitaona ny vady aman-janany hanohana ny iraka nomen'Andriamanitra. Ny fironana voajanahary voamasina mba hikarakara sy hanome, dia harena sarobidy manan-kery hampondrosoana ny iraka nomen'Andriamanitra.

Ny fanazavana iray hafa mikasika ny fihetsika manohana nataon'ireto vehivavy ireto, dia satria *niaraka tamin'i Jesosy* izy ireo. Ny fiarahana amin'i Jesosy ilay Mpanome Lehibe no hany afaka hanova ny olona hitovy amin'ny Endriny. Ny apostoly Paoly ao amin'ny 2 Korintiana 3:18 dia manamarina izany fanandramana izany: *"Fa isika rehetra kosa amin'ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy."*

Ao amin'ny boky "Tithing Practices among Seventh-day Adventists" (Fahazarana amin'ny Famerenana ny Ampahafolony eo amin'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito), Robert K McIver dia mizara ny zavatra hitany mikasika ny fifandraisana mihabo misy eo amin'ny famerenana ny ampahafolony sy ny fahazarana ara-panahy: *"Eo amin'ireo Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, ny fitondran-tena amin'ny famerenana ny ampahafolony dia mifandray akaiky amin'ny fahazarana hafa mifandray amin'ny fainam-pivavahana, toy ny famonjena Sekoly Sabata, ny famakiana sy ny fandinihana Baiboly isan'andro ary ny fivavahana matetika mandritra ny tontolo andro"* (pejy 30). Ny maha-akaiky ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy ny Teniny dia mitarika ho amin'ny fanavaozana tsy tapaka araka ny Fanahiny, ary fahatokiana no vokatr'izany Fanahy izany. Rehefa mirotsaka amin'ny fitomboana ara-panahy isika, ny fiasaran'izany dia fitomboana amin'ny fahalalahantànanana.

Antony iray hafa manazava ny fanahin'ny fahalalahantànanana, dia satria ireo vehivavy ireo dia *"nositraina tamin'ny fanahy ratsy sy ny aretina."* Nanandrana ny hery manafaka sy ny fahatsaran'i Jesosy izy ireo. Raha tsy nisy izany fototra izany, dia ho sarotra ny hahatakatra ny antony nahatonga

an'i Koza, mpitandrina ny fananan'i Heroda, hamela ny vadiny hiara-dia amin'i Jesosy sy hampiasa ny fananan'izy ireo manokana hanohanana ny asa fanompoan'ity Raby tsy dia fantatra loatra avy any Nazareta ity. Ny fidiran'i Jesosy an-tsehatra dia namonjy ny fiainan'ny vadi-malalany. Ny fitantanam-piaianana Kristiana dia valin'ny fo feno fankasitrahana mandrakariva. Mahaliana ny manamarika fa amin'ny fanampiana fahita mahazatra, ireo mandray tombotsoa dia maneho fankasitrahana amin'ny teny sy fihetseham-po fotsiny, fa eto kosa ireo nandray tombotsoa dia naneho fankasitrahana tamin'ny nahatonga azy ireo ho mpanome. Singa miavaka amin'ny fitantanam-piaianana ara-baiboly izany. Manome isika satria Izy efa nanome antsika mialoha. Tia Azy isika satria Izy efa tia antsika taloha.

Famaranana

Jesosy, ilay Iray manana ny hery hampitombo ny mofo, dia maneho mazava fa Andriamanitra dia mifidy hikambana amin'ny olombelona mpiara-miombon'antoka, amin'ny fitoriana ny vaovao mahafalin'ny fanjakana. Samy nilaina na ireo mpianatra roa ambinifolo, na ireo vehivavy izay nanolotra ny fananan'izy ireo manokana.

Ny fotoana manaraka hahitantsika ireo vehivavy avy any Galilia ireo dia eo am-pototry ny hazo fijaliana (Lioka 23: 49), nandritra ny fandevenana an'i Jesosy (Lioka 23: 55) ary tonga vavolombelona voalohany nahita ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty izy ireo (Lioka 24:1-9). Ny fahatokiana amin'ny fanohanana ny iraka nomen'Andriamanitra dia manomana ho amin'ny fahatokiana mandritra ireo fotoan-tsarotra. Ireo vehivavy ireo dia tsy nandositra rehefa nosamborina sy nomelohina Jesosy. Ny fiainan'ireo vehivavy ireo dia fanamasiana ny tenin'i Jesosy ao amin'ny Lioka 12:34: "Fa izay itoeran'ny harenareo, dia ho any koa ny fonareo." Ny fanoloran-tenan'izy ireo tamin'ny fanohanana an'i Jesosy, dia fanehoana miharihary ny fanokanan-tena marina ho Azy. Ny fandraisantsika anjara amin'izao fotoana izao, amin'ny fanohanana ny iraka farany nomen'Andriamanitra dia fambara azo antoka ny toerana hijoroantsika mandritra ny fotoan-tsarotra farany.

Lalindalina Kokoa

- Inona ireo antony mahatonga ilay Andriamanitra manana ny hery rehetra hifidy ny hiara-miombon'antoka amin'ny olombelona malemy sy voafetra?

- Efa nanome ireo fahafaha-manao hampandrosoana ny asany Andriamanitra: Araka ny fijerinao, moa ve manana loharanom-pananana ampy hanatanterahana amin'ny fahafenoany ny iraka nomen'Andriamanitra azy ny fiangonana?
- Ahoana no ahafahantsika mampitombo ny vondron'ny mpiara-miombon'antoka, ka hampandraisana anjara ny mambra amin'ny sehatra rehetra ao amin'ny fiangonana?